# TOROLALANA MOMBA NY FITANTANANA NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA AMIN'NY KAONTENERA



*Sary fanehoana: Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera ao Antsohihy.*

Janoary 2021

USAID AVY AMIN'NY VAHOAKA AMERIKANA
Mahefa Miaraka
JSI RESEARCH & TRAINING INSTITUTE, INC.

## MAHEFA MIARAKA

Ny Fandaharanasa MAHEFA Miaraka tohanan'ny Sampandraharaha Amerikanina misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena USAID dia misahana indrindra ny fahasalaman'ny vondrom-piarahamonina ifotony izay vatsian'ny USAID mandritry ny dimy taona Jona 2016- Jona 2021). Ny Fandaharanasa MAHEFA Miaraka dia tanterahan'ny JSI Research & Training Institute, Inc., izay miaramiombonantoka amin'ny FHI 360, Transaid, ary Asa Sôsialy sy Fandaminana Famonjena (ASOS), ary miara-miasa akaiky amin'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka. Faritra fito eto Madagasikara no anatanterahana ny Fandaharanasa izay ahitàna an'i (Analanjirofo, Boeny, DIANA, Melaky, Menabe, SAVA, Sofia).

Ny Fandaharanasa dia manohana ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny fampihenana ny aretina, ny fahafatesan'ny reny, ny zaza vao teraka ary ny zaza, amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny tolotra ara-pahasalamana sy ny rafitra izay manohana izany eny anivon'ny Fokontany, Kaomina, Distrika ary Faritra. Ireo tanjony manokana amin'izany dia:

1. Manamafy ny fahafahan'ny sehatry ny daholobe manomana, manome ary mitantana ny tolotra ara-pahasalamana anivon'ny fiarahamonina;
2. Manamafy ny fandraisan'andraikitry ny vondrom-piarahamonina sy ny fahasalamany.

Amin'ny faritra iasan'ny Fandaharanasa Mahefa Miaraka, ireo Mpisehatra ara-pahasalamana ifotony mavitrika, mandray anjara amin'izany ireo Mpanentana ara-pahasalamana ifotony miasa an-tsitrapo, ho famporisihana azy ireo amin'ny fanatanterahana ny asa an-tsitrapo izay ataony anivon'ny vondrom-piarahamonina ifotony dia notohanana tamin'ny alalan'ny fanatanterahana ny hetsika Asa Mampidi-bola. Ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia miasahana indrindra ny fivarotana sy fanamboarana bisikileta efa nampiasaina. Ny nanaganana ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia mba hamaliana ny tsy fahampian'ny fivarotana sy fanamboarana bisikileta anivon'ny tsena amin'ny alalan'ny fanomezana fahaiza-manao vaovao mba hiteraka fidiram-bola ho an'ireo mpikambana eny anivon'ny fiarahamonina.

Ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia tantanan'ny kaoperativa izay ivondronan'ireo Mpisehatra ara-pahasalamana ifotony milatsaka an-tsitrapo (AC), ireo Komitin'ny fahasalamana eo an-toerana (COSAN), ireo Komity mpitantana ny Fifampitsimbinana Ho Salama (FHS), ary ireo mpisehatra hafa misahana ny fahasalamana anivon'ny fiarahamonina. Ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia mikendry ny hanome fidiram-bola maharitra ho an'ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa mba hananan'izy ireo risipo amin'ny fanatanterahany ny asany, hampiroborobo ny fandraisan'anjaran'ireo mpisehatra ara-pahasalamana anivon'ny fiarahamonina ireo amin'ny alàlan'ny fandraisany anjara amin'ny Fifampitsimbinana Ho Salama eo an-toerana, ary hamaly ny filàn'ireo mponina eo amin'ny lafiny fitaterana.

## FANKASITRAHANA

Ity torolalana ity dia novolavolaina mba hanohanana ny fahombiazan'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera eto Madagasikara ary manentana ny risipo ho an'ireo Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera efa misy sy mbola ho avy eto Madagasikara sy amin'ny toeran-kafa. Tianay ny misaotra ny asa mafy sy ny fanoloran-tenan'ireo mpiasa ary ireo mpikambana ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera izay nitondra azy ireo amin'ny fahombiazany, tafiditra ao amin'izany ihany koa ny fanohanana nentin'ireo mpandray anjara toy ny Komity Kaominaly miandraikitra ny Fampiroboroboana ny Fahasalamana (CCDS), ny Komitin'ny Fahasalamana (COSAN) ary ireo mpiasa anivon'ny biraom-panjakana eo an-toerana.

Ity torolalana ity no tontosa dia noho ny ezaka niarahan'ny vondrona MAHEFA Miaraka, izay ahitàna ny JSI sy Transaid, ary ny fanohanan'i Mamiarivony Dinasoa Rakotonoely.

## Fizahan-takelaka

MAHEFA MIARAKA ..... 2
FANKASITRAHANA ..... 2
1. FANAFOHEZAN-TENY ..... 7
2. FAMPIDIRANA ..... 7
3. FITANTANA NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA AMIN'NY KAONTENERA ..... 8
**3.1 Ny Kaoperativa** ..... 8
**3.2 Fitantanana ny Kaoperativa** ..... 8
**3.2.1 Ny Fivoriambe** ..... 8
**3.2.2 Ny Filankevi-Pitantanana** ..... 10
**3.2.3 Ny Filankevitry ny Fitsipi-pifehezana/mpandinika ny sazy** ..... 14
**3.2.4 Ny Mpanaramaso anatiny ny fitantanana** ..... 14
**3.3 Ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta** ..... 15
**3.3.1 Ireo Anjara asa sy Andraikitra** ..... 16
**3.4 Fampiofanana ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Filankevi-Pitantanana, Mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta ary ireo Mpikambana** ..... 17
**3.5 Antotantaratasy fitantanana** ..... 17
**3.5.1 Fanarahan-dalàna** ..... 17
**3.5.2 Lalàna Sata** ..... 18
4. FOMBA FIASAN'NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA ..... 18
**4.1 Ireo Mpiaramiombonantoka** ..... 18
**4.1.1 Fifampitsimbinana Ho Salama anivon'ny fiarahamonina** ..... 18
**4.2 Ny Toeram-piasàna** ..... 19
**4.3 Ireo Adidy sy Andraikitry ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta** ..... 19
**4.3.2 Ny fandoavan-ketra** ..... 19
**4.3.3 Fitahirizana Antotantaratasy** ..... 22
**4.3.5 Drafitrasa isan- taona ho an'ny Orinasa mivarotra bisikileta** ..... 23
**4.3.6 Tetibola isan-taona** ..... 24
5. FANAFARANA BISIKILETA ..... 25
**5.1 Famolavolàna taratasy fanafaran'entana** ..... 25
**5.2 Mangataka famatsiana bisikileta** ..... 25
**5.3 Fitaterana an-dranomasina sy an-tanety** ..... 26
**5.4 Fanomànana ny fanalàna Fadintseranana** ..... 26
**5.4.1Fisafidianana Mpandefa/Mpampita entana** ..... 26
**5.4.2 Antotantaratasy ilaina** ..... 27
**5.5 Ireo dingana amin'ny Fadintseranana** ..... 29
**5.5.1 Fikajiana ny Hetra** ..... 30
**5.6 Fanalàna Fadintseranana** ..... 31
**5.7 Fahatongavana sy Fitahirizana ireo Entana** ..... 32

**5.7.1 Fizaràna entana ao anatin'ny kaontenera eo amin'ny Orinasa roa mivarotra bisikileta** ..... 33
6. FANOMANANA NY VAROTRA ..... 33
**6.1 Fananganana, Fikojakojana ary Fanamboarana Bisikileta** ..... 33
**6.1.1 Fanamboarana Bisikileta aorian'ny varotra** ..... 34
**6.2Fanasokajiana sy Famaritana ny Vidin'ny Bisikileta** ..... 34
**6.2.1 Fanasokajiana bisikileta** ..... 34
**6.2.2 Famaritana ny Vidy** ..... 35
**6.2.3 Firaketana ny Tahiry** ..... 36
**6.3 Fanomanana ireo Fitaovam-pivarotana** ..... 36
**6.3.1 Tapakila Fividianana/Fandrotsaham-bolan'ny bisikileta** ..... 37
**6.3.2 Mari-pamantarana Bisikileta Amidy** ..... 37
7. FOTOANA FIVAROTANA ..... 38
**7.1Varotra Bisikileta** ..... 38
**7.2 Varotra Kojakoja na Piesy** ..... 39
**7.3 Fikarakarana ny Mpanjifa** ..... 39
**7.3.1Fitantanana ny Safidin'ny Mpanjifa** ..... 39
**7.4 Fandoavam-bola** ..... 40
**7.4.1 Fanamarinana ny Fandoavam-bola** ..... 40
**7.5 Fanarahamaso ny Bisikileta lafo** ..... 41
**7.6 Tatitra** ..... 41
8. FITANTANAM-BOLAN'NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA ..... 42
**8.1 Ny faritry ny Taona Ara-bola** ..... 42
**8.4 Tahirim-bola fiandry** ..... 43
**8.5 Fahamarinan-toeran'ny fandraharahàna sy Fampaharetana ny Orinasa mivarotra bisikileta** ..... 43
**8.5.1 Asa Mampidi-bola hafa** ..... 43
**Tovana I: Fisy tahiry – Bisikileta sy Kojakoja na piesy** ..... 45
**Tovana II.1: Fisy Fanamboarana sy Famerenana Bisikileta** ..... 46
**Tovana III: Lalàna Satan'ny kaoperativa** ..... 48
**Tovana IV: Tetibola sy Drafitrasa** ..... 52
**Tovana V: Fangatahana Famatsiana** ..... 53
**Tovana VI: Lisitry ny Mpitatitra an-tanety** ..... 55
**Tovana VII: Lisitry ny Mpandefa/Mpampita entana** ..... 55
**Tovana VIII: Faktiora fanamboarana bisikileta** ..... 56
**Tovana IX: Master Bill of Lading na Non-Negotiable Waybill** ..... 57
**Tovana X: Tapakila fivarotana/fandrotsaham-bola** ..... 59
**Tovana XI: Maripamantarana Bisikileta Amidy** ..... 60

**Tovana XII: Tatitra isam-bolana**........................................................................................61
**Tovana XIII: Fanamarinam-pahatongavana sy fandoavam-bolan'ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta** ..........................................................................................62
**Tovana XIV: Fanambaràna fandoavana Tataonketra (TVA)**.............................................63

# 1. FANAFOHEZAN-TENY

| | |
|---|---|
| AC | Mpanentana eny anivon'ny Fiarahamonina (Agent communautaire) |
| BSC | Taratasy Fanjohina Entana naondrana amin'ny Sambo (Bordereau de Suivi des Cargaisons) |
| CAF | Sara – Fiantohana - Sara-pitaterana an-dRanomasina (Coût – Assurance – Fret) |
| CCDS | Komity Kaominaly miandraikitra ny Fampiroboroboana ny Fahasalamana (Commission Communale de Développement Sociale) |
| COSAN | Komitin'ny Fahasalamana (Comité de Santé) |
| DAU | Antotantaratasy Tokana avy amin'ny Fadintseranana (Document Administratif Unique) |
| DD | Haban-Tseranana (Droits de Douane) |
| DTI | Hetra sy Haba amin'ny Fanafaran'entana (Droits et Taxe à l'Importation) |
| FHS | Fifampitsimbinana Ho Salama (Mutuelle de Santé) |
| IR | Hetra amin'ny Vola Miditra (Impôts sur les Revenus) |
| KOMPIVA | Kaoperativan'ny MPIsehatra ara-pahasalamana Ifotony Vonjy Anivorano |
| NIF | Laharam-pamantarana momba ny Hetra (Numéro d'Identification fiscale) |
| TVA | Tataon-ketra (Taux de Valeur Ajoutée) |
| USAID | Sampandraharaha Amerikanina Misahana ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena (United States of America International Development) |

# 2. FAMPIDIRANA

Ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera, na eBox, dia orinasa misahana manokana ny bisikileta izay tantanina eo an-toerana ary mivarotra sy manamboatra bisikileta efa niasa izay omen'ireo mpamatsy iraisam-pirenena. Izy io dia asa miteraka fidiram-bola izay manatsara sy manome risipo ireo mpisehatra ara-pahasalamana eny ifotony hanao ny asany, mandray anjara amin'ny drafitra famatsiam-bola madinika ary manatsara ny fivezivezen'ny vondrom-piarahamonina ifotony.

Ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay avy dia tantanina sy ampiroboroboin'ny kaoperativa voasoratra anarana ara-dalàna ary manana ekipa mpiasa ahitàna mpiantsehatra ara-pahasalamana, mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana anivon'ny fiarahamonina (COSAN) ary ireo komity mpitantana ny rafitra Fifampitsimbinana Ho Salama (FHS) izay mampihodina na mampandeha ny Orinasa isan'andro. Ny kaoperativa dia eo ambany fanarahamason'ny Filankevi-Pitantanana, ahitàna mpiantsehatra ara-pahasalamana anivon'ny fiarahamonina, mpikambana ao amin'ny Komity Kaominaly miandraikitra ny Fampiroboroboana ny Fahasalamana (CCDS), ny mpitarika ny vondrom-piarahamonina, ny mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana (COSAN), ary ny solontena avy amin'ny komity mpitantana ny rafitra Fifampitsimbinana Ho Salama.

Ity 'Torolalana notsorina' ity dia novolavolaina mba hanomezana torolàlana ho an'ireo rehetra miandraikitra ny fitantanana sy ny fampihodinana ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera. Manome fahalalana mahakasika ireo anjara asa sy ireo andraikitry ny olona mifandray amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera ary koa manampy amin'ny fiantsorohana na fanatanterahana ireo andraikitra ireo.

# 3. FITANTANA NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA AMIN'NY KAONTENERA

## 3.1 Ny Kaoperativa

Ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia tantanan'ny Kaoperativa mijoro sy voasoratra anarana ara-dalàna. Ny Kaoperativa dia tsy maintsy manaraka sy manaja izay voafaritra ao amin'ny lalàna laharana 99-004 tamin'ny 21 Aprily 1999 mifandraika amin'ireo kaoperativa sy ny didim-panjakana fampiharana laharana 2014-1003 tamin'ny 16 Jolay 2014.

Ny fahombiazan'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny kaontenera dia miankina amin'ny fahaiza-manaon'ireo mpiasan'ny orinasa sy ny Filankevi-Pitantanan'ny kaoperativa izay miantsoroka sy manatanteraka ireo andraikitra isan-karazany. Rehefa misy fampidirana mpiasa vaovao ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta, ny fampiofanana izay notanterahin'i Mahefa Miaraka tamin'ny voalohany dia tokony hampitain'ireo izay nandray anjara tamin'izany mba hahazoana antoka fa voatazon'ireo mpikambana ao anatin'ny kaoperativa ny fahaiza-manao ilaina (jereo ny fizarana 3.4).

## 3.2 Fitantanana ny Kaoperativa

Misy karazany roa ny rafitra anatiny amin'ny fitantanana ny kaoperativa. Ireo rafitra lehibe ireo dia ahitàna ny:

- Ny Fivoriambe ;
- Ny Filankevi-Pitantanana.

### 3.2.1 Ny Fivoriambe

Ny Fivoriambe no andraisana ny fanapahan-kevitra mahakasika ny kaoperativa izay mamory ireo mpikambana rehetra voasoratra anarana sy nandoa ny anjara biriky na ny latsakemboka.

Ny Fivoriambe dia afaka mivory amin'ny alalan'ny Fivoriambe ara-potoana sy ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

***Ny Fivoriambe ara-potoana***

Ny Fivoriambe ara-potoana dia mivory arak'izay takian'ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa, fa farafahakeliny indray mandeha isan-taona. Izany dia tokony ho tanterahana ao anatin'ny telo volana aorian'ny fifaranan'ny taom-piasàna teo aloha sy ny fandefasana ny tatitra isan-taona. Ny Fivoriambe arapotoana dia mandinika ary mandray fanapahan-kevitra mahakasika ny fanontaniana rehetra mifandraika amin'ny lalan-kizorana, ny politika ary ny fandaminana ankapobeny ny kaoperativa.

Ny fanatanterahana ny Fivoriambe dia amin'ny alalan'ny fiantsoan'ny Lehiben'ny Filankevi-Pitantanana, na ny fangatahan'ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana, na ny fangatahan'ny ampahatelony na mihoatra ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa. Ohatra, amin'ny Filankevi-pitantanana 7, farafahakeliny fangatahan'ny mpikambana ao aminy 4 no takiana mba hanatanterahana ny Fivoriambe. Tsy maintsy arahana izay voalaza ao amin'ny Satan'ny kaoperativa rehefa miresaka fepotoana sy ny fotoana fampiantsoana ireo mpikambana ho amin'ny Fivoriambe ara-potoana.

Azo tanterahana ny Fivoriambe ara-potoana raha mahatratra ny antsasaky ny mpikambana voasoratra anarana farafahakeliny no tonga mamonjy ny fivoriana. Raha tsy manatrika ny fivoriana voalohany ny antsasaky ny mpikambana ary ny ampahatelon'ny mpikambana amin'ny fiantsoana fivoriambe faharoa, dia azo tanterahana izany amin'ny fiantsoana fahatelo araka izay fepetra voalazan'ny lalàna. Ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe dia manankery rehefa mahazo ny maro an'isa amin'ny vaton'ireo mpanatrika ny fivoriana. Ny lalàna no mamaritra ny lalam-pifidianana. Ny mpikambana ao amin'ny

Filankevi-Pitantanana dia tsy mandray anjara amin'ny fifidianana raha ny amin'ny fankatoavana ny tatitra ara-bola.

Anisan'ny andraikitry ny Fivoriambe ny:

- Manaiky ny drafitrasa sy ny Tetibola isan-taona an'ny kaoperativa novolavolain'ny Filankevi-pitantanana;
- Mandinika, mankatoa ary manamarina ireo tatitra sy ny ara-bola isan-taona (fangaraharana/fahamarinan'ny tatitra);
- Mikajy ny tahan'ny ambim-bava isan-taona ho zaraina, amin'ny tombom-barotry ny Orinasa, araky ny voafaritra ao amin'ny lalàna satan'ny kaoperativa;
- Mamaritra ny sandan'ny vola zaraina amin'ny tombontsoa sy ny fomba fizaràna azy;
- Manao fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny vondrona hafa ivelan'ny kaoperativa;
- Mifidy sy manala na manilika ny mpitantana;
- Manome alalana ireo asa izay tsy vitan'ny Filankevi-Pitantanana irery atao raha ilaina izany;
- Mankatoa ny fidirana ho mpikambana, manilika/manala tsy ho mpikambana ary manasazy ny mpikambana;
- Mankatoa sy manova ny fitsipika anatiny ao amin'ny kaoperativa.

***Ny Fivoriambe tsy ara-potoana***


Ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia mivory amin'ny fotoana tsy araka izay efa voafaritra mialoha mba handinihana ireo fanontaniana mifandraika amin'ny:

- Fanitsiana ireo andinin-dalàna mahakasika ny fikambanana/kaoperativa;
- Fikambanana amin'ireo kaoperativa hafa;
- Fivakisan'ny kaoperativa;
- Fandravàna ny kaoperativa;
- Fanitarana ny fepotoana iasàn'ny kaoperativa

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia azo tanterahana rehefa ny roa ampahatelon'ny mpikambana voasoratra anarana no manatrika izany fivoriana izany.

## 3.2.2 Ny Filankevi-Pitantanana

### *3.2.2.1 Rafitra sy fiforonany*




*Sary 1: Kaoperativa sy rafitry ny Orinasa mivarotra bisikileta*

Ny isan'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia tsy tokony hihoatra ny ampahatelon'ny isan'ny mpikambana ao amin'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Izy io dia tsy latsaky ny telo (3) farafahakeliny ary tsy mihoatra ny roa ambin'ny folo (12) farafahabetsany. Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia voafidy tamin'ireo mpikambana rehetra ary manana fepotoana fiasàna tsy mihoatra ny efatra (4) taona.

Ireo mpikambana mandrafitra ny Filankevi-Pitantanan'ny Kaoperativan'ny orinasa dia tsy maintsy fidiana araka ny:

- Risipo ananany;
- Fotoana malalaka ananany ahafahany manatanteraka ireo asa takiana aminy ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Fahaiza-manaony manokana.

Ireo mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia nofidiana amin'ny alalan'ny latsa-baton'ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa ka izay mahazo ny maro an'isa amin'ny Fivoriambe sy mifanaraka amin'ny lalàna mifehy ny kaoperativa, ny didim-panjakana fampiharana ary ny sata mifehy ny kaoperativa no mitantana izany. Ny mpikambana ao amin'ny biraon'ny Filankevi-Pitantana dia mbola azo fidiana ho amin'ny fepotoana fiasàna faharoa nefa tsy afaka manatanteraka velively fepotoana fiasàna mihoatra ny roa (2) mifanesy.

Ireto fepetra manaraka ireto dia tsy maintsy takiana vao afaka milatsaka ho fidiana ho mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana ny mpikambana:

- Mizaka ny zom-pirenena Malagasy ;
- Iraika ambiroapolo (21) taona farafahakeliny;
- Mipetraka amin'ny faritra misy ny foiben'ny kaoperativa.

- Tsy mbola nisazy am-ponja noho ny heloka bevava, fisolokiana, fivadiham-pitokisana, fisandohana ary fanaovana hosoka amin'ny taratasin'ny orinasa na banky, fanodinkodinam-bolam-panjakana, fandefasana taratasim-bola tsy misy petra-bola, ary izay tsy misy fiantraikany amin'ireo fepetra voalazan'ny andinin-dalàna manokana mahakasika ireo sampan'asan'ny kaoperativa;
- Tsy mbola niharan'ny sazy tsy afaka mitantana na nalàna tsy ho mpitantana orinasa;
- Mahafeno ireo fepetra takian'ny lalàna indrindra fa ny fandoavana ny anjara biriky na latsakemboka.

Ireto fepetra manaraka ireto kosa no mahatonga ny olona iray tsy ho afakahiditra ho mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana:

- Mpikambana manana fifanarahana arak'asa amin'ny kaoperativa;
- Mpitantana voalohany amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana;
- Mpiasam-panjakana.

### *3.2.2.2 Ireo Toerana sy Andraikitry ny Filankevi-Pitantanana*

Ny Filankevi-Pitantanana dia manana fahefana lehibe indrindra amin'ny fampandehanana sy ny fitantanana ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Tompon'andraikitra amin'ny fanarahamaso ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta sy ny mpikambana ao aminy kaoperativa, ny fitantanana ny Fivoriambe, misolo tena ny kaoperativa amin'ny fiaraha-miasa amin'ny hafa, ary ny fanasaziana ireo hadisoana rehetra ataon'ny mpiasa sy ny mpikambana ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta eo am-panatanterahana ny asany izay mifanaraka amin'ny lalàna velona, sy ireo fepetra ary koa ny lalàna sata sy ny fitsipika anatin'ny kaoperativa.

Ny Filankevi-Pitantanana dia tompon'andraikitra manokana amin'ny:

- Fitarihana ny asan'ny kaoperativa mifanaraka amin'ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe;
- Famolavolana ny fitsipika anatiny izay tsy maintsy apetraka hankatoavin'ny mpikambana maro an'isa mandritry ny Fivoriambe;
- Famolavolana ny Tetibola isan-taona izay alefa hankatoavina amin'ny fivoriambe;
- Famolavolana ny drafitrasa isan-taona mifanaraka amin'ny Tetibola;
- Fandraisana sy fitantanana ireo mpiasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Fifanarahana amin'ny sehatra hafa mitondra tombontsoa ho an'ny kaoperativa;
- Fankatoavana/fanekena na fanalàna vonjimaika mpikambana mandrapahatongan'ny fisian'ny Fivoriambe manaraka;
- Fampiharana ny sazy amin'ny mpikambana araka izay voalaza ao amin'ny lalàna satan'ny kaoperativa;
- Fitantanana ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta/kaoperativa;
- Famolavolana sy fanolorana ny tatitra isan-taona, ny tatitra ara-bola ary ny taratasim-bola miditra sy mivoaka mandritra ny taona;
- Fisoloana tena ny kaoperativa manoloana ny sehatra hafa;
- Fisoloana tena ny kaoperativa amin'ny findramam-bola araky ny fepetra voalaza ao amin'ny lalàna satan'ny kaoperativa;
- Fanamarinana/fankatoavana ny valin'ny fanisana ny entan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ireo toerana sy andraikitra mifanandrify amin'ny asan'ny Filankevi-Pitantanana dia tapahan'ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa mandritry ny Fivoriambe ary ampidirina ao amin'ny fitsipika anatiny mifehy azy.

*3.2.2.2.1 Ireo fahefan'ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana*

Ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana dia mitàna ireto andraikitra ireto:

- Miantoka ny fitantanana ny raharahan'ny kaoperativa araky ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevi-Pitantanana sy ny Fivoriambe ary ny fepetra voalaza ao amin'ny lalàna sata sy ny fitsipika anatiny;
- Mitantana ny toeram-piasàna, ny toeram-pivarotana ary ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Miantso ny mpikambana hanatrika ny Fivoriambe araka ny lalàna satan'ny kaoperativa;
- Miantso ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana, sy ny Filankevi-pifehezana na mampihatra sazy ary mitarika izany fivoriana izany;
- Misolo tena ny kaoperativa manoloana ny sehatra hafa;
- Manatanteraka ny fizarana tombontsoa mifanaraka amin'ny voasoratra ao amin'ny lalàna sata sy ny toe-bola, mankatoa na manome alalana ny famoaham-bola (miaraka amin'ny komity mpanorina), ary manao sonia fifanarahana fiaraha-miasa;
- Mametraka ny tatitra isam-bolana amin'ny lehiben'ny Fari-piadidiana misahana ny Indostria;
- Mitsinjara ny fahefany amin'ny filoha lefitry ny Filankevi-Pitantanana na ny mpitan-tsoratra araky ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny fivorian'ny Filankevi-Pitantanana.

*3.2.2.2.2 Andraikitry ny filoha lefitry ny Filankevi-Pitantanana*

Ny andraikitry ny filoha lefitra dia:

- Misolo toerana ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana raha sendra misy fotoana tsy maha-afaka azy na fahabangan'ny toerany (tsy maintsy misy taratasy filazàna sy manome alalana azy mifanaraka amin'izay voalaza ao amin'ny lalàna sata sy ny fitsipika anatiny);

Raha hita na tsapan'ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana fa tsy nahavita nanatontosa ara-dalàna ny andraikiny ny filohany dia tokony hamindra vonjimaika ny fahefany amin'ny filoha lefitra izy ao anatin'ny fepotoana voafaritra mialoha rehefa nahazo ny fankatoavan'ny komity mpanorina alohan'ny handraisan'ny Fivoriambe fanapahan-kevitra izay mifanaraka amin'izany.

*3.2.2.2.3 Ireo fahefan'ny Mpitantsoratra*

Ireto avy ireo andraikitry ny mpitantsoratra:

- Manao ny asa fitantanan-draharaha ankapobeny an'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Mandray an-tsoratra ny mahakasika ny fifidianana sy ny isam-bato azon'ireo mpifaninana amin'ny fifidianana;
- Mandray an-tsoratra ny fanapahan-kevitra amin'ny fivoriana amin'ny boky fandraiketana izany (Fivoriambe, fivorian'ny Filankevi-Pitantanana, ary fivorian'ny Filankevi-pifehezana na mpampihatra ny sazy);
- Manavao sy mitazona ny lisitry ny mpikambana ary miantoka ny fandaminana ireo antotantaratasin'ny kaoperativa;
- Manampy ny filoha sy ny filoha lefitry ny Filankevi-Pitantanana amin'ny fandaminana ny taratasy fanasàna amin'ny Fivoriambe.

Ireo mpitantsoratra dia tsy maintsy mandrindra sy mitsinjara ny asany eo amin'izy samy mpitan-tsoratra ihany

*3.2.2.2.4 Ireo fahefan'ny Mpitahiry vola*

Ny mpitahiry vola dia manana ireto andraikitra voalaza manaraka ireto:

- Mandray an-tsoratra ny vola miditra rehetra ao amin'ny boky fanoratana ny vola miditra isanandro;
- Miantoka ny fandraisana an-tsoratra araka ny laharany, ny vola miditra ary voamariky ny filohan'ny Filankevi-pitantanana amin'ny rango-pohy ny pejin'izany;
- Manasokajy sy mitahiryny antontantaratasy mifandraika amin'ny lafiny ara-bolan'ny kaoperativa na avy amin'ny fidiram-bola hafa;
- Miantoka ny famoaham-bola amin'ny banky na orinasa madinika mpitahiry sy mpampindram-bola rehefa misy fandoavam-bola;
- Manoratra ny famoaham-bola amin'ny kahie fanoratana ny vola mivoaka izay misy rango-pohin'ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana mialoha, isaky ny pejin'izany boky kahie izany;
- Miantoka fa ny famoaham-bola rehetra izay tsy maintsy misy taratasy fangatahana fandoavam-bola na famindrana amin'ny banky, izay iarahan'ny filoha na ny filoha lefitry ny Filankevi-Pitantanana ary ny mpitahiry vola izay nomen'ny mpikambana fahefana hanao sonia ny fahazoan-dalana amin'izany famoaham-bola izany;
- Miantoka fa isak'izay misy famoaham-bola dia manao sonia ny kahie fitantanam-bola.

Ny toerana sy ny andraikitra sahanin'ny Filankevi-Pitantanana dia ny kaoperativa no manapa-kevitra an'izany amin'ny Fivoriambe ary mampiditra izany ao amin'ny fitsipika anatiny. Ny ohatra amin'ny toerana sy andraikitra sahanin'ny Filankevi-Pitantanana izay voalaza ao amin'ny lalàna sata dia azo jerena ao amin'ny Tovana III.

*3.2.2.2.5 <u>Mpanaramaso ny kaonty</u>*

Ireto avy ireo andraikitry ny mpanara-maso ny fitantanam-bola:

- Mijery sy manara-maso akaiky ny fananan'ny kaoperativa;
- Miantoka ny fampanajàna ny lalàna mifehy ny toeram-piasàna sy ny toeram-pivarotan'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Manao tatitry ny valin'ny fanisàna ny fanan'ny Orinasa mivarotra bisikileta miaraka amin'ny Mpitahiry vola rehefa vita ny fanamarinana na fampitahana ny isan'ny entana lafo sy ny rosiam-bola voaray;
- Manampy ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta rehefa manomboka ny varotra na rehefa misy mila ny fanampiany.

### *3.2.2.3 Fanonerana ny Filankevi-Pitantanana*

Ny mpikambana ao amin'ny Filankevim-pitantanana dia tsy mandray karama amin'ny fanatanterahana ny asany. Na izany aza, ny tambin-karama amin'ny fandraisana anjara amin'ny fivoriana dia azo omena azy ireo araky ny fahefan'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta mandoa izany. Ny fandoavana izany dia atao isaky ny faran'ny volana raha misy ny fampiharana izany, ary ampiarahana amin'ny fandoavana ny tambin-karama izay omena ny mpiasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny fanonerana ny fandaniam-bola hafa nataon'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana mandritra ny fanatanterahany ny asany dia azo atao rehefa manolotra ny tapakilan'ny fivezivezeny na faktiora na, raha tsy misy izany, dia avy amin'ny fanambaràna fandoavam-bola nankatoavin'ny solontenan'ny komity mpanorina.

Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia tsy afaka mandray anjara amin'ny fankatoavana ny kaontin'ny kaoperativa mandritry ny Fivoriambe raha mikasika ny famerenam-bola na fanonerana azy ireo izany.

Raha mila fanazavàna fanampiny mahakasika ny politika manokana an'ny Orinassa mivarotra bisikileta tsirairay avy, dia tsara kokoa raha mamaky ny lalàna sata sy ny fitsipika anatiny mifehy ny Orinasa mivarotra bisikileta.

### 3.2.3 Ny Filankevitry ny Fitsipi-pifehezana/mpandinika ny sazy

Ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana na mpandinika ny sazy dia komity iray tomponandraikitra amin'ny famaritana sy ny fanasaziana ny fihetsika na fitondran-tena mety hanimba ny firaisankinan'ny mpikambana na ny fisian'ny kaoperativa. Ny fepotoana iasan’ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana na mpandininika ny sazy dia tsy maintsy havaozina isaky ny roa taona, na izany aza ny mpikambana ao aminy dia afaka manatanteraka fepotoana hiasàna faharoa raha voafaritra ao anatin'ny lalàna sata izany.

Ny filoha na ny filoha lefitra ary ny mpitan-tsoratra ao amin'ny Filankevi-Pitantanana, miaraka amin’ny mpikambana telo notendren'ny Fivoriambe, no mandrafitra ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana na mpandinika ny sazy. Ny filoha na filoha lefitra no mitarika ny fivoriana ary miantso ny mpikambana rehetra ao amin'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana na mpandinika ny sazy rehefa misy fivoriana hatao. Ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana na mpandinika ny sazy izay tsy manatrika fivoriana roa mifanesy dia esorina hiala amin'ity rafitra ity ary hosoloina mandritra ny Fivoriamben’ny mpikambana rehetra.

Ny fitanana an-tsoratra ny fivoriana, izay nosoniavin'ireo mpikambana nivory, dia tokony ahitàna ny fanapahan-kevitra noraisin'ny ankamaroan'ny mpandray anjara tamin’ny fivoriana. Ny sazy napetraka ho an'ireo izay nandika ny lalàna sata na ny fitsipika anatiny dia miankina amin'ny halehiben'ny hadisoana vitany, manomboka amin'ny fampitandremana an-tsoratra, hatramin'ny fampiatoana vonjimaika ny maha-mpikambana azy ireo ao amin’ny kaoperativa mandritra ny telo ka hatramin'ny enim-bolana na amin'ny fandroahana azy tanteraka tsy ho mpikambana intsony.

Ny fampiatoana vonjimaika anaty fepotoana voafaritra dia manafoana ny zo hisitraka ny fahazoana tombontsoa. Io tombontsoa tokony ho sitrahan’ny mpikambana nahato io dia arotsaka hanatevenana ny renivolan’ny kaoperativa.

Ny fanalàna tanteraka tsy ho mpikambana dia manan-kery vonjimaika mandra-pisian’ny Fivoriambe ankatoavan’ny mpikambana rehetra ny fanapahan-kevitra noraisin’ny Filankevitry ny Fitsipi-pifehezana na mpandinika ny sazy. Tsy misitraka ny tombontsoa ny mpikambana nanao hadisoana, nesorina tanteraka fa arotsaka amin’ny renivolan’ny kaoperativa izany.

Ny Filankevitry ny Fitsipi-pifehezana dia tokony hanao fanadihadiana alohan'ny hampiatra sazy. Ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana dia tsy maintsy manambara ny vokatry ny fanadihadiany ao anatin'ny dimy ambiefapolo andro manomboka amin'ny fotoana nandraisany ny fitoriana na ny fiampangana avy amin'ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa.

Ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Filankevitry ny fitsipi-pifehezana dia tsy azo lavina fa tsy maintsy ampiharina raha toa ka manatrika ny fivoriana ny efatra amin'ny dimy mpikambana.

### 3.2.4 Ny Mpanaramaso anatiny ny fitantanana

Ny Mpanaramaso anatiny ny fitantanana dia tomponandraikitra amin'ny fanarahamaso ny bokim-bola, ny kaonty, ny vokatry ny fandraharahana natao, ny tahiry, ary ny antontantaratasy rehetra mahakasika ny kaontin’ny kaoperativa.

Ny isan'ireo mpanaramaso anatiny ny fitantanana dia mety miovaova manomboka amin'ny iray ka hatramin'ny efatra araka izay voatendry mandritra ny Fivoriamben’ny mpikambana rehetra. Ny faharetan'ny fepotoana fiasan'izy ireo dia voafaritra ao anatin'ny lalàna sata novolavolain’ny

mpikambana ao amin'ny kaoperativa ary azo havaozina izany fepotoana fiasan'izy ireo izany. Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia tsy afaka miditra mihitsy ho mpikambana ao amin'ny Mpanara-maso anatiny ny fitantanana.

Ny ekipan'ny Mpanaramaso anatiny ny fitantanana dia omena fahefana hanadihady amin'ny fotoana rehetra maha-mety azy momba ny toe-bolan'ny kaoperativa. Noho izany dia manana fahefana tanteraka izy hanara-maso ny firaketana ny kaonty, ny kaonty tahiry, ny lisitra ary ny firaketana ara-bola na bokim-boola hafa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny ekipa Mpanaramaso anatiny ny fitantanana dia mijery akaiky ary tsy tapaka ny firaketana ny kaonty, ny fampifanarahana ny fanisàna sy ny tatitra ara-bola ary ny fahamarinan'izay voalaza ao amin'ny tatitry ataon'ny Filankevi-Pitantanana. Ny ekipa Mpanara-maso anatiny ny fitantanana dia tomponandraikitra amin'ny filazàna mahakasika ny fiovaovan'ny isan'ny mpiasa sy ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa ary ny fiantraikan'izany fiovaovan'ny isa izany eo amin'ny Tetibola sy ny renivolan'ny kaoperativa.

Ny ekipa Mpanara-maso anatiny ny fitantanana dia manao tatitra milaza ny vokatry ny asa nataony isaky ny faran'ny fotoam-piasan'ny Orinasa isan-taona.

Ny ekipa dia tsy maintsy manao tatitra amin'ny Fivoriambe sy ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana raha toa ka tsy nahavita araka ny tokony ho izy ny adidiny izy ireo na mety hisy fiantraikany amin'ny fiainan'ny kaoperativa ny valin'ny fanadihadihana na ny fanarahamaso nataony.

Ireo mpikambana ao amin'ny ekipa Mpanara-maso anatiny ny fitantanana dia afaka mangataka ny famerenam-bola amin'ny fandaniam-bola nataony amin'ny fanatanterahana ny asany ao anatin'ny fanajàna ny fepetra nankatoavin'ny Fivoriambe.

## 3.3 Ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta

Ny fampihodinana andavanandro ny Orinasa dia iandraiketan'ny mpiasany rehetra. Ireo mpiasa dia tomponandraikitra amin'ny fitantanana isanandro isanandro ny Orinasa sy ny fampiroboroboana azy. Ny fifanarahana arak'asa dia tokony hataon'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta izay mipetraka ho mpampiasa sy ny mpiasa tsirairay avy ao aminy, amin'ny maha mpiasa azy ireo. Mety ho mpikambana ao amin'ny kaoperativa ihany koa ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny mpiasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta izay tsy manao ny asany araka ny tokony ho izy dia tomponandraikitra amin' izay nataony izay mety hanimba ny fahombiazana sy ny faharetan'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny Filankevi-Pitantanana no mamaritra izay mety ho vokatr'izany aorian'ny fitoriana ataon'ny mpanara-maso ny Orinasa mivarotra bisikileta.
Anisan'ny tanjona tratrarina ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta, amin'ny maha asa mampidi-bola azy ny mba hampisy ny risipo eo amin'ireo mpisehatra ara-pahasalamana eny ifotony, toy ny mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina mpilatsaka an-tsitrapo. Noho izany ny mpiasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tokony ahitàna ny sasany amin'ireto voalaza manaraka ireto:

- Mpanentana ara-pahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina mpilatsaka an-tsitrapo;
- Mpikambana ao amin'ny Komity Kaominaly miandraikitra ny Fampiroboroboana ny Fahasalamana (CCDS);
- Sefo Fokontany;
- Mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana (COSAN);
- Mpikambana ao amin'ny Fifampitsimbinana Ho Salama.

### 3.3.1 Ireo Anjara asa sy Andraikitra

Ny fampihodinana isanandro ny Orinasa dia ataon'ireo mpiasa, izay samy manatanteraka ny anjara asany amin'ireto anjara asa manaraka ireto:

MPANARA-MASO NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA

- Mamoha sy manakatona ny Orinasa;
- Mitantana sy manara-maso ankapobeny ny fitantanan-draharaha, ny vola, ny fananana ary ny mpiasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Manao fanambaràna mahakasika ny hetra sy manatanteraka ny fandoavan-ketra amin'ny rafitra anaovana izany;
- Manome risipo ireo mpiasa ;
- Misarika sy mitahiry ny fahatokisan'ny mpanjifa amin'ny Orinasa ;
- Mandrindra sy mitsinjara ny andraikitry ny mpiasa tsirairay avy ;
- Manara-maso ny tahiry.

MPITAMBOLA

- Mandray sy manamarina ny sandan'ny vola narotsaky ny panjifa ampitahaina amin'ny vidin'ny entana voalaza mba hahazoana antoka fa tsy misy hosoka na fahadisoana ary tena izy ny taratasy fanamarinana fandrotsaham-bola nomen'ny mpanjifa;
- Mitahiry sy manao ny faktioran'ny mpanjifa ary manisy fitomboka izany hoe "voaloa" ny vola;
- Mampahafantatra ny tomponandraikitra mpitahiry entana hamoaka sy hanome ny bisikileta ny mpanjifa aorian'ny fanamarinana ny faktiora;
- Miandraikitra ny fandraisana an-tsoratra ny fandoavam-bola sy ny fitambaran'izany.

MPITAHIRY ENTANA

- Miantoka ny fampidiran'entana, fitahirizina azy ary ny fanisàna ny fananan'ny Orinasa;
- Manao ny fanisàna isam-bolana ny fananana sy ny fitaovan'ny Orinasa mivarotra bisikileta rehetra;
- Mitantana sy mameno ny fisy tahiry;
- Mameno miaraka amin'ny teknisiana mpanamboatra bisikileta ny (jereo ny Tovana I.1, II.2 eo amin'ny pejy 43), fisy fanamboarana bisikileta ary ny fisy famerenana bisikileta (jereo ny Tovana II.1, II.2 ao amin'ny pejy 44 sy 45);
- Miandry ny toromariky ny Mpitambola hanome ny mpanjifa ny bisikileta novidiany;
- Manisy fitomboka ny faktioran'ny mpanjifa hoe "voatolotra" ny entana rehefa lasany izany.

TOMPONANDRAIKITRY/MPITANTANA NY VAROTRA

- Miarahaba tongasoa ny mpanjifa;
- Manamarina ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy sy ny piesy raha mifanaraka amin'ny efa nofaritana mialoha;
- Manomana sy manolotra ny taratasy mirakitra ny kaomandy amin'ny mpanjifa iantefan'izany;
- Miantoka ny fanomezana ny laharan'ny kaonty marina an'ny kaoperativa ny mpanjifa sy ny taratasy fandrotsaham-bola raha efa vonona na ananan'ny Orinasa mivarotra bisikileta izany;
- Mampandefa ny mpanjifa any amin'ny banky na orinasa mpampindram-bola madinika mba hanao ny fandrotsaham-bola;
- Mandefa ny taratasy fandrotsaham-bola amin'ny Mpitambola;
- Manentana nympanjifa mahakasika ny fahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina.

TEKNISIANINA MPANAMBOATRA BISIKILETA

- Mijery ny bisikileta ho kojakojaina sy amboarina ary manombatombana ny fanamboarana tokony hatao;
- Mameno ny fisy "fanamboarana sy famerenana" ny bisikileta (jereo ny Tovana II.1, II.2 amin'ny pejy 44 sy 45) miaraka amin'ny Mpitahiry entana;
- Mangataka ny fitaovana sy ny piesy ilaina amin'ny fanamboarana amin'ny Mpitahiry entana;
- Manatanteraka ny fanamboarana ny bisikiletan'ny kaoperativa sy izay fanamboarana ilain'ny mpanjifa;
- Mandray anjara amin'ny fanisana isam-bolana ny fananan'ny Orinasa mivarotra bisikileta;
- Manampy ireo Mpitahiry entana amin'ny fanatanterahany ny asany.

*Mpiambina ny toeram-piasàna*
Ireo bisikileta amidin'ny Orinasa dia tena mahaliana nyolon-drehetra amin'ny ankapobeny noho ny hatsaran'ny kalitaony sy ny endriny na ny bikany. Ho fanampin'izay, mihoapampana ny sandan'izy ireo noho ny habetsahany. Tsy maintsy atao tomombana ny fiarovana ny Orinasa mba hisorohana ny halatra ao anatin'ny Orinasa. Izany no anolorana hevitra ny Orinasan'ny kaoperativa mivarotra bisikileta hampiasa olona hiandraikitra ny fiambenana ny toeram-pivarotana rehefa amin'ny andro tsy hisian'ny asa atao eo anivon'ny Orinasa ary indrindra isaky ny alina.

## 3.4 Fampiofanana ireo mpikambana vaovao ao amin'ny Filankevi-Pitantanana, Mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta ary ireo Mpikambana

Ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa, ny mpiasa na ny Filankevi-Pitantanana rehetra niala dia manana andraikitra mampita ny fahaiza-manao ilaina amin'ny fanatanterahana ny asa amin'ireo mpiasa vaovao misolo toerana. Izany fampitàna ny fahaiza-manao izany no miantoka ny fahatomombanan'ny fitohizan'ny asa ataon'ny Orinasa mivarotra bisikileta, ary ny tsy fanaovana izany dia mety hampikorontana na hampiemotra ny fanatontosàna ireo asa/andraikitra voalaza etsy ambony. Ny mpiasa niala dia tokony hihevitra izany ho tena manandanja ary anisan'ny tafiditra amin'ny andraikiny tanteraka, ka noho izany dia tsy tokony hanantena ny tambin-karama izy amin'ny fanatanterahana izany andraikitra izany.

Ary farany, ny mpiasa, ny mpikambana ary ny ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia tsy maintsy mahafehy ny fitantanana ara-bolan'ny kaoperativa no sady mahafehy ny fampiroboroboana ny asa ara-pahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina.

## 3.5 Antotantaratasy fitantanana

### 3.5.1 Fanarahan-dalàna

Raha vao nahavita ny Fivoriambe ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa ary vonona ny antontantaratasy ilaina amin'ny fitsanganany, ny kaoperativa dia tsy maintsy voasoratra any amin'ny manam-pahefana miandraikitra izany. Ny fisoratana anarana dia tsy maintsy mandeha mialoha ny asa hafa rehetra izay ho tanterahan'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa dia mila mivory mba hamaritra na hamolavola sy hankatoa ireo lalàna sata sy ny fitsipika anatiny milazalaza ireo rafitra isan-karazany sy ny mpikambana ao aminy, ny fomba fiasan'izy ireo, ireo andraikiny manokana ary ny fampidirana sy fanesorana na fanalàna mpikambana. Ny lalàna sata sy ny fitsipika anatiny no mandrafitra ireo antontantaratasy roa lehibe mifehy ny asan'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Andraikitry ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana tanteraka ny miantoka fa tomombana avokoa ny antontantaratasy rehetra ilaina ary voasoratra ara-dalàna ny kaoperativa.

Ny votoatin'ireo antontan-taratasy roa ireo dia tokony hanaja sy hifanaraka amin'ny lalàna laharana 99-004 tamin'ny 21Aprily 1999 momba ny kaoperativa, ary ny didim-panjakana fampiharana laharana 2014-1003 tamin'ny 16 Jolay 2014. Ny ohatra iray amin'ireo dia azo jerena ao amin'ny Tovana III.

Ireo lohahevitra horesahana isaky ny Fivoriambe sy ny fanapahan-kevitra noraisina tamin'izany dia tsy maintsy soratana ao amin'ny fitantanana an-tsoratra ary tokony hatolotra ny tomponandraikitra ao anatin'ny iray volana aorian'ny nanatanterahana ny Fivoriambe.

### 3.5.2 Lalàna Sata

Ny kaoperativa dia tomponandraikitra amin'ny fandinihana sy fanitsiana isan-taona ny lalàna sata ary mizara izany amin'ireo mpikambana sy mpiasa ao aminy ary mampihatra izany lalàna sata izany. Ny mpikambana rehetra ao amin'ny kaoperativa dia tompon'andraikitra tanteraka amin'ny fankatoavana izany lalàna sata izay novolavolain'ny kaoperativa izany. Amin'ny maha mpitarika ny Fivoriambe, ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana no tomponandraikitra amin'ireo asa rehetra ireo.

# 4. FOMBA FIASAN'NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA

## 4.1 Ireo Mpiaramiombonantoka

Ny fahombiazan'ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay avy dia miankina tanteraka amin'ny fahaizana mifandray sy miara-miasa amin'ireo mpiaramiombonantoka lehibe. Ny tsy fahaizana manao izany dia loza mitatao ho an'ny faharetana sy ny asa atao ary fiainana ara-bolan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny lakilen'ny fahombiazan'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia miankina amin'ny fahaizan'ny mpitantana ny kaoperativa mifandray amin'ny Ben'ny tanàna sy / na ireo fahefana mpitantana isan'ambaratongany eo an-toerana. Ny mpitondra eo an-toerana dia manana andraikitra lehibe amin'ny fanohanana ny fitsanganana na fisian'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay avy dia tokony hiezaka ny handray anjara amin'ny fanatsarana ny faritra misy azy ary koa hanatanteraka ny fandoavan-ketra amin'izay rafitra hanaovana izany.

Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny Orinasa mivarotra bisikileta dia miankina indrindra amin'ny mpamatsy bisikileta azy. Noho ny halebean'ny fifandraisana amin'ny mpamatsy dia tokony hiezaka mandrakariva ny kaoperativa hifampiresaka sy hamaly ny fanontaniana arak'izay azo atao mba hiantohana ny fandefasana bisikileta sy ny kojakoja ary ny fitaovana ara-potoana.

### 4.1.1 Fifampitsimbinana Ho Salama anivon'ny fiarahamonina

Iray amin'ireo adidin'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny fanohanana ny rafitra Fifampitsimbinana Ho Salama eny anivon'ny fiarahamonina izay napetraka ao amin'ny faritra misy azy. Ity rafitra ity dia mandray anjara amin'ny fandraisana an-tanana ny fahasalamana eny anivon'ny fiarahamonina amin'ny alàlan'ny fanomezana vola handoavana ny fikarakarana na fitsaboana ny tsy salama atao eny amin'ny tobim-pahasalamana, na ny fanafody izay tsy omena maimaim-poana.

Rehefa misy tombony azon'ny Orinasa mivarotra bisikileta isaky ny faran'ny taom-piasàna, ny Filankevi-Pitantanan'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia manana adidy mandrotsaka ny 5% ny tombony amin'ny kaontin'ny Fifampitsimbinana Ho Salama ho fanohanana ara-bola azy araky ny fifanarahana efa nifanaovana.

Amin'izay lafiny izay indrindra, ny Orinasa mivarotra bisikileta dia mandray andraikitra amin'ny fanohanana ny tolotra fikarakaràna ny fahasalamana ifotony, ary ankilan'izay ny rafitra

Fifampitsimbinana Ho Salama anivon'ny fiarahamonina dia tokony hiara-hiasa amin'ny vondrom-piarahamonina mba hanatsara fahasalamàn'ny fiarahamonina ifotony.

Ankoatr'izay, ny toeram-pivarotan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, noho izy tsidihan'ny mpanjifa maro, dia toerana mety tsara hanentanana ny mahakasika ny rafitra sy ny asan'ny Fifampitsimbinana Ho Salama eny anivon'ny fiarahamonina.

## 4.2 Ny Toeram-piasàna

Ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta dia manan-danja tokoa amin'ny fahombiazan'ny Orinasa. Ny toerana dia tokony ho tonga na azon'ny besinimaro tsidihana izay manampy amin'ny fampiroboroboana ireo asan'ny Orinasa. Na izany aza, tokony ho toerana malalaka afaka anatanterahana ny asa sy ny fvarotra ataon'ny Orinasa izany. Ny Orinasa koa dia tokony ho eo amin'ny faritra azo antoka sy voaaro tsara mba hampihenàna ny risika amin'ny famakiana ny toeram-piasàna sy ny fikasana fandrobàna ataon'olon-dratsy.

Ny taratasy fifanarahana ara-dalàna hampiasa ny tany sy izay eo aminy dia tsy maintsy ataon'ny tompon'ny tany ary voalaza mazava tsara ao ny fepotoana nifanarahana amin'ny fampanofana ny tany. Ny fifandraisana amin'ny manam-pahefana eo an-toerana dia mety ho tombony raha misy ny fifanolanana amin'ny fampiasàna tany.

Ny toerana dia tokony hotandrovina mandrakariva ny fahadiovany mba hampahomby ny fampandehanana ny Orinasa izay misokatra ho an'ny besinimaro. Raha toa ka mitaky fanadiovana sy/na fanajariana ny toerana, dia tsy maintsy tanterahana izany araky ny lalàna misy eo an-toerana. Mety mitaky ny fahazoan-dalana avy amin'ny Ben'ny tanàna izany alohan'ny hanatanterahana azy.

Ny toerana misy ny kaoperativa (ny adiresin'ny Orinasa mivarotra bisikileta) dia tokony hampitaina mazava tsara amin'ireo mpiara-miasa vaventy rehetra, indrindra ireo mpamatsy izay mandefa ny bisikileta izay nafarana.

## 4.3 Ireo Adidy sy Andraikitry ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta

### 4.3.1 Fiovàn'ny fitantanana

Ireo kaoperativa voasoratra ara-dalàna dia tsy maintsy:

- Manambara izay fiovàna rehetra amin'ny tompon'andraikitra amin'ny fari-piadidiana misahana ny indostria izay misy ny kaoperativa ny:
  - Adiresy, ny laharam-pifandraisana, fanovàna ny lalàna sata (anarana, fari-piadidiana iasàna, fanitarana sy izay asa rehetra atao sy ny sisa), ny mpitantana, na izay fiovàna rehetra mahakasika ny mpikambana na ny Filankevi-Pitantanan'ny kaoperativa;
- Manome ny taratasy rehetra fitanana an-tsoratra ny Fivoriambe amin'ny manam-pahefana tokony hanaovana izany ao anatin'ny iray volana aorian'ny nanaovana ny Fivoriambe
- Mampahafantatra amin'ny mpikambana rehetra sy amin'ny tomponandraikitra mahefa misahana ny kaoperativa ny tatitra mahakasika ny vokatry ny taom-piasàna sy ny tatitra ara-bolan'ny kaoperativa, ary izany dia ataon'ny Filankevi-Pitantanana.

### 4.3.2 Ny fandoavan-ketra

Ireo Mpanara-maso ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tokony hahafehy izay rehetra mahakasika ary hahalala tsara ny adidiny amin'ny fandoavan-ketra ao amin'ny biraom-paritra misahana izany. Ny hetra izay tokony hampiharina amin'ny Orinasan'ny kaoperativa mivarotra bisikileta, ary ny fifanarahana

fandoavana izany dia tokony hifampiresahana amin'ny tomponandraikitra amin'ny biraom-paritra misahana ny hetra.

Mety hisy ny risika andoavan'ny Orinasa sazy arakaraky ny isan'ny volana nahataran'ny fandoavan-ketra.

Ny tsy fandoavana ny hetra dia tsy ara-dalàna ary koa hiteraka olana goavana mandritra ny famoahana ny entana nafarana amin'ny fadintseranana rehefa tonga ao amin'ny seranan-tsambo, satria ny karatra milaza ny laharam-pamantarana momba ny hetra nohavaozina isan-taona rehefa avy mandoa ny hetra dia tsy maintsy miaraka amin'ireo antontantaratasy hafa takiana amin'ny fanalàna fadintseranana na famoahan'entana ao amin'ny seranan-tsambo.

#### 4.3.2.1 Tataonketra (TVA)

Amin'ny maha mpivarotra bisikileta nafarana ny Orinasa, dia mihatra aminy ny fandoavana ny Tataonketra (TVA). Ny taratasy fanambaràna ny vola miditra sy ny Tataonketra dia tsy maintsy fenoina isam-bolana. Ho an'ny volana teo aloha, ny taratasy fanambaràna izany (Tovana XIII, eo amin'ny pejy 60) dia tsy maintsy alaina amin'ny biraom-paritry ny fandoavan-ketra, ary fenoin'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, ary aterina amin'ny tompon'ndraikitra amin'izany birao izany ao anatin'ny 15 andro voalohany amin'ny volana manaraka. Ohatra, ny fanambaràna ny vola niditra ho an'ny volana Aprily dia tsy maintsy apetraka alohan'ny faha 15 ny volana May. Ny fanambaràna dia tsy maintsy apetraka amin'ny sampandraharahan'ny hetra ao amin'ny fari-piadidiana misy ilay Orinasa.

Ny Tataonketra izay efa naloan'ny Orinasa dia azo esorina. Ohatra, nyTataonketra naloan'ny Orinasa mandritra ny famoahan'entana nafarana tao amin'ny Fadintseranana dia tokony hesorina amin'ny Tataonketra isam-bolana tokony aloan'ny Orinasa amin'ny tomponandraikitra ao amin'ny sampandraharaha misahana izany.

Ny fampahafantarana momba ny Tataonketra voaangonina isam-bolana isaky ny varotra bisikileta dia tafiditra ao amin'ny rejisitra milaza ny sokajin'ny bisikileta. Isaky ny faran'ny volana ireo mpiasan'ny Orinasa dia manao kajy ny fitambaran'ny Tataonketra (TVA) izay voaangona isaky ny bisikileta lafo nandritry ny volana, ary manotratra izany ao amin'ny tabilao izay mamintina ny mombamomba ny varotra. Ity tabilao ity dia manamora ny fanambaràna ny Tataonketra (TVA) amin'ny manampahefana misahana ny hetra.

Ho fanampin'izay, ny mpitantana ny Orinasa dia tsy maintsy mitazona ny Antontantaratasy Fitantanandraharaha Tokana (DAU) izay nomen'ny Fadintseranana, satria io no milaza ny Tataonketra izay naloan'ny Orinasa tamin'ny Fadintseranana. Hita ihany koa izany ao amin'ny faktiora tena izy izay avy amin'ny Mpampita/Mpandefa antana. Ireo antontantaratasy roa ireo dia tsy maintsy aseho amin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny sampandraharahan'ny hetra isaky ny manao fanambaràna ny Tataonketra isam-bolana ny kaoperativa.

Ity raikipohy manaraka ity dia ohatra iray amin'ny fomba ahafahan'ny Filankevi-Pitantanana mikajy ny fitambaran'ny Tataonketra azo tsoahana.

TATAON-KETRA ISAM-BOLANA

=

TATAON-KETRA ALAINA AMIN'NY VIDIN'NY BISIKILETA LAFO NANDRITRY NY VOLANA VAO AVY NODIAVINA – TATAON-KETRA ALAINA/TSOAHANA AMIN'NY FIVIDIANANA NA FANAFARANA BISIKILETA

**OHATRA:**

KOMPIVA dia nandoa 11,798,690 Ar Tataonketra tao amin'ny fadintseranana tamin'ny Septambra 2019. Io mari-bola io no Tataonketra (TVA) azo alàna.

Raha mifototra amin'ny bisikileta lafo, rehefa natao ny kajy, KOMPIVA dia tokony andoa ireto mari-bola mahakasika ny Tataonketra ireto:

Septambra 2019 – 5,457,000 Ariary

Oktobra 2019 – 4,352,000 Ariary

Novambra 2019 – 4,198,000 Ariary

Toy izao manaraka izao ny fikajiana ny Tataonketra (TVA):

Tataonketra (TVA) 2019 = 5,457,000Ar – 11,798,690Ar = -6,341,690Ar. Manana Tataonketra (TVA) 6,341,690 Ariary azo tsoahana amin'ny volana manaraka ny KOMPIVA, ary tsy tokony hitakiana fandoavam-bola hafa izy tamin'ny volana Septambra.

Tataonketra (TVA) Oktobra 2019 = 4,352,000Ar – 6,341,690Ar = -1,989,690Ar. Ny Tataonketra (TVA) azo tsoahana dia mbola ambonin'ny vola naloa. Ny ambin'ny Tataonketra (TVA) azo tsoahana dia mbola azo ampiharina amin'ny volana Novambra.

Tataonketra (TVA) Novambra 2019 = 4,198,000Ar – 1,989,690Ar = 2,108,310Ar. Ny mari-bola amin'ny Tataonketra voaangon'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia betsaka noho ny Tataonketra azo tsoahana. Noho izany ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tokony handoa 2,108,310 Ariary amin'ny tompon'andraikitra ao amin'ny sampandraharaha misahana ny hetra..

Fanamarihana: Raha mbola misy ambiny ny Tataonketra (TVA) azo tsoahana amin'ny fiafaran'ny taon-ketra, tsy mandoa izany vola izany amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny tomponandraikitra ao amin'ny sampandraharaha misahana ny hetra fa mety mbola azo tsoahana amin'ny taon-ketra manaraka izany.

#### *4.3.2.2 Hetra amin'ny Vola Miditra*

Raha mihoatra ny 20.000.000 Ariary isan-taona ny vola miditra amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia mihatra amin'ny ny fitakiana ny Hetra amin'ny fidiram-bola. Ny hetra amin'ny fidiram-bola dia tsy maintsy aloa alohan'ny faran'ny volana martsa amin'ny taona itsahana any amin'ny fari-piadidiana misahana ny hetra izay ahitàna ny toeram-piasàn'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny tahan'ny hetra aloan'ny kaoperativa dia 20% amin'ny totalin'ny vola niditra/maty nandritry ny taona, ary tsy afa-karatsaka. Na izany aza, raha mpikambana ao amin'ny foibem-pitantanana ankatoavina amin'ny faritra iorenany ny Orinasa mivarotra bisikileta, ny fehezan-dalàna ankapobeny momba ny hetra dia milaza fa afaka mihena hatrany amin'ny 50% amin'ny hetra mifandraika amin'ny fidiram-bola tokony aloany no aloany.

Ity raikipohy manaraka ity no ampiasaina amin'ny fikajiana hetra amin'ny vola miditra:

| |
|---|
| HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR) = (VOLA NIDITRA NANDRITRY NY TAOANA TSY AFA-KARATSAKA * 20) / 100 |
| HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA RAHA MPIKAMBANA AMIN'NY FOIBEM-PITANTANANA ANKATOAVINA = (VOLA NIDITRA NANDRITRY NY TAOANA TSY AFA-KARATSAKA * 0,5 * 20) / 100 |

### 4.3.3 Fitahirizana Antotantaratasy

Ny Antontantaratasin'ny kaoperativa sy ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tena manan-danja tokoa ary takian'ny lalàna ny fitehirizana azy ireo. Ny tomponandraikitra amin'ny fitantanan-draharaha dia afaka mangataka ny antotantaratasin'ny kaoperativa nandritry ny folo taona farany, ary afaka manara-maso ny atontantaratasy mahakasika ny kaonty sy ny fitantanam-bola nandritra ny telo taona farany. Takiana araka izany ny fitehirizana ireo antontantaratasy ireo, amin'ny toerana azo antoka no sady voalamina tsara.

Andraikitry ny Mpitantsoratra no miantoka ny fitehirizana tsara ireo antontantaratasy. Ny kaoperativa dia tokony hampiasa fitaovana fitehirizina antontantaratasy ahitàna ny daty hanamarihana ny antontantaratasy ao anatiny eo aminy. Ireo antontantaratasy dia tokony hilahatra ny laharany araky ny datiny sy ny sokajiny ary tehirizina amin'ny toerana azo antoka. Tsara raha manana vata azo idiana ny Orinasa ametrahana izany antontantaratasy izany. Tokony hatao dika mitovy ireo antontantaratasy ireo ary tehirizina amin'ny toerana samy hafa izany mba hisorohana ny fahasimbana tampoka na ny fahaverezany.

### 4.3.4 Ireo Antotantaratasy tahirizina

Ny fitehirizana ny tahirinkevitry ny kaoperativa dia tokony ahitana ireto antontantaratasy rehetra manaraka ireto.

#### *4.3.4.1 Antotantaratasy ara-pitantanana ara-dalàna*

Ny antontantaratasy mifandraika amin'ny fitantanana ny kaoperativa sy ny rafitra dia ahitàna ireto voalaza manaraka ireto:

- Lisitr'ireo mpiasan'ny kaoperativa rehetra sy ny anjara asan'ny tsirairay avy;
- Ny rejisitry ny mpikambana voasoratra anarana araky ny filaharany ahafantarana ny fiovaovan'ny isan'ny mpikambana. Ny laharana maha-mpikambana ny tsirairay avy dia tsy maintsy soratana ao amin'ny taratasy fanamarinam-pahatongavana rehefa manatrika Fivoriambe;
- Ny rejisitry ny isa sy ny fitambaran'ny anjara biriky na latsakemboka naloan'ny mpikambana tsirairay avy;
- Ny rejisitry ny fitantanana an-tsoratra ny fanapahan-kevitra amin'ny Fivoriambe;
- Ny rejisitry ny fitantanana an-tsoratra ny fanapahan-kevitry ny fivorian'ny Filankevi-Pitantanana;

- Lisitry ny fananana rehetra an'ny kaoperativa;
- Lisitry ny tany, ny fotodrafitrasa ary fitaovana nomena ho tantanana na ampiasain'ny kaoperativa;
- Lisitr'ireo mpiara-miasa na mpiaramiombonantoka amin'ny kaoperativa.

#### *4.3.4.2 Antontantaratasy mahakasika ny fitantanana ny kaonty*

Ireo antontantaratasy momba ny kaonty dia ahitàna ny:

- Ny rejisitry ny volasorabola miditra sy mivoaka isan'andro (jereo ny fizarana 7.4.2);
- Ireo boky fitantanam-bola izay manambara ny toe-bola mifanesy;
- Fanisàna amin'ny fandaniam-bola;
- Ny taratasy fifanarahana rehetra nataon'ny kaoperativa izay ahitàna fifanarahana fampanofàna tany, fanofàna trano ary fanatanterahana asa.

### 4.3.5 Drafitrasa isan- taona ho an'ny Orinasa mivarotra bisikileta

Ny Filankevi-Pitantanana dia tomponandraikitra amin'ny famolavolana ny drafitrasa isan-taona (jereo ao amin'ny pejy 50, Tovana IV). Ity drafitrasa ity no ahafahana tanteraka manatsara ny ny fitantanana ny Orinasa mivarotra bisikileta mba hisian'ny fahombiazany.

Ny drafitrasa isan-taona dia tokony hampiasaina ho fitaovana hampahafantarana ireo mpandray anjara rehetra sy ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, mba hahafahany miomana ny amin'ireo asa ho avy, miandry mandritry ny taona. Izy io koa dia azo ampiasaina handrefesana ny zava-bita, na ny fanatanterahana ireo asa kasaina hatao mandritra ny taona. Ny drafitrasa isan-taona dia tsy maintsy hita ao amin'ny toeram-piasàn'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny daty manokana mifandraika amin'ny asa tsirairay atao dia hasongadina ao amin'ny drafitrasa, indrindra indrindra rehefa ho avy ny fotoana ahatongavan'ny bisikileta nafarana. Ireo daty tsy voafaritra mialoha tamin'ny fiantombohan'ny taon-ketra fiasàna na ireo fanovàna tsy maintsy atao amin'ny drafitrasa mandritry ny taona dia tokony ho marihana ao anatin'ilay drafitrasa mandritry ny fivorian'ny Filankevi-Pitantanana ary ampahafantarina ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa sy ireo mpiara-miasa na mpiaramiombonantoka amin'ny Orinasa.

Ny fepotoana napetraka hanatanterahana ireo asa ao amin'ny drafitrasa dia tokony hahavitàna manatanteraka sy manatratra izany asa izany. Fanao tsara sady mahomby ny manaja ny fandaharam-potoana sy ny fepotoana ho an'ny asa tsirairay voalaza ao amin'ny drafitrasa. Raha misy fanafarana bisikileta, ny fahataràna avy amin'ny kaoperativa dia mety hiteraka fandaniana goavana fanampiny ho azy, ary mety hanimba ny fiaraha-miasa amin'ny mpamatsy. Ny fanovàna rehetra atao amin'ny drafitrasa isan-taona dia tokony hampidirina ao anatin'izany rehefa mivory ny Filankevi-Pitantanana ary izany fanovàna izany dia ambara amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny kaoperativa mandritry ny Fivoriambe.

Ny daty fanafarana bisikileta dia tokony hifanarahan'ny kaoperativa sy ny mpamatsy ary tokony ho tafiditra amin'izany ihany koa ny fotoana fandoavam-bola nifanaovan'izy ireo. Manana adidy ny kaoperativa hanaja izay nifanarahany tamin'ny mpiaramiombonantoka aminy. Mety mila fanovàna ny daty sasany araka izay maha-mety azy, na dia izany aza, dia tokony hanaiky ny daty novaina ny andaniny sy ny ankilany.

Ny drafitrasa mandritry ny taona dia tokony ankatoavin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny kaoperativa mandritry ny Fivoriambe ara-potoana.

### 4.3.6 Tetibola isan-taona

Mifanaraka amin'ny famolavolàna ny drafitrasa isan-taona, ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-Pitantanana dia mikaon-doha amin'ny famolavolana ny Tetibola isan-taona ho an'ny taona manaraka (jereo ny Tovana IV, pejy 50). Ity asa ity dia atao rehefa hifarana ny taom-piasana izay diavina. Ny taona ara-bola isaky ny Orinasa mivarotra bisikileta dia voafaritra mandritry ny Fivoriambe. Ny asa tsirairay voalaza ao amin'ny drafitrasa isan-taona dia tokony hanana Tetibola mifanaraka amin'izany.

Ny Tetibola isan-taona dia tokony ankatoavin'ireo mpikambana rehetra ao amin'ny kaoperativa mandritra ny Fivoriambe ara-potoana.

Ny Tetibola isan-taona dia maneho ny vola miditra sy ny fandaniam-bola rehetra mifandraika amin'ireo asa ho tanterahana mandritra ny taona ara-bola. Tokony ahitàna ny fidiram-bola sy ny fandaniam-bola rehetra mifanandrify amin'ny fanatanterahana ireo asa ary koa ny fampiasam-bola ivelany ny Tetibola.

Ny vokatry ny fampihodinana ny Orinasa natao dia miteraka fidiram-bola avy amin'ny varotra bisikileta, piesy ary ny tolotra fanamboarana bisikileta. Tafiditra ao amin'izany ihany koa ireo fandaniam-bola mifandraika amin'ireo fandaniana mivantana, toy ny karama, ny tambin-karaman'ny mpiasa, ny hofan-trano, ny kojakoja ary ny fifandraisana.

Ny vola miditra amin'ny fampiasam-bola dia ny zanabola avy amin'ny fametraham-bola na fitahirizam-bola any amin'ny banky sy ny orinasa mpampindram-bola madinika. Ny fandaniana amin'ny fampiasam-bola indray dia ahitàna ny saran'ny fanafarana bisikileta, ny fampitaovana ny Orinasa, ary ny fividianana entana azo sy tsy azo ahetsika.

Tsy maintsy manaja ireto fitsipika manaraka ireto ny famolavolàna ny Tetibola isan-taona:

- Tsy maintsy atao isan-taona ny Tetibola;
- Ny vola miditra sy ny fandaniam-bola rehetra dia tokony ho hita amin'ny antontantaratasy iray ihany mba hanamoràna ny famakiana sy ny fanitsiana azy raha ilaina;
- Ny lisitry ny vola miditra sy ny fandaniana rehetra dia tsy maintsy atao amin'ny antsipirihany ary voasoratra arakaraky ny sokajiny izay novinavinaina sy efa nofaritan'ny mpikambana mialoha tamin'ny Fivoriambe ara-potoana.

Tokony ho tsinjaraina isan-telovolana ny taom-bola iray rehefa mamolavola ny Tetibola. Hanamora ny fanarahamaso ny fandaniam-bola izany. Ny Tetibola dia tokony hojerena isaky ny fiantombohan'ny telovolana vaovao mba hahazoana antoka fa miasa ao anatin'ny Tetibola ny Orinasa mivarotra bisikileta. Raha tsy izany no mitranga, dia mety mila fanitsiana ataon'ny Filankevi-Pitantanana ny Tetibola, mba hifanaraka amin'ireo sara tsy ampoizina.

Izay fanovana natao tamin'ny Tetibola isan-taona dia mila ampahafantarina sy ankatoavina mandritry ny Fivoriamben'ny mpikambana.

# 5. FANAFARANA BISIKILETA

## 5.1 Famolavolàna taratasy fanafaran'entana

Rehefa mamolavola taratasy fanafaran'entana amin'ny mpamatsy any ivelany, ny kaoperativa dia tokony hamaritra mialoha ny isa sy ny karazan'ny bisikileta ary ny kojakoja na piesy ilaina. Tomponandraikitra ny Filankevi-Pitantanana amin'ny famolavolana sy fandefasana izany taratasy fanafarana izany. Na izany aza, tokony hanampy azy, ireo mpitahiry entana sy teknisianin'ny Orinasa amin'ny famaritana ny isa sy ny karazana bisikileta tena tian'ny mpanjifa. Ny kaoperativa dia tokony hijery sy handalina ny famatsiana teo aloha sy ny manodidina ny varotra natao tamin'izany mba hanamorana ity dingana ity.

Mba hahamora ny fizotry ny famolavolana ny taratasy fanafarana, tena manan-danja mihitsy ny hahalalàn'ny mpitantana ny Orinasa ny isa sy ny karazana bisikileta lafo teo aloha, mba hahafantarana ireo karazana bisikileta tena be mpividy sy tsisy mpividy mihitsy, ireo bisikileta tena be mpitady nefa tsy ananan'ny Orinasa tahiry intsony, ireo karazana kojakoja na piesy ary ireo fitaovam-piasàna na fanamboarana tena ilaina na ampiasaina. Ny fahalalana izany rehetra izany no atao ao amin'ny taratasy fanafaran'entana.

Raha vao voafaritra ny isa sy ny karazany ary ny haben'ny bisikileta, ny kojakoja na piesy ary ny fitaovam-piasàna, dia tokony halefa any amin'ny mpamatsy ny taratasy fanafaran'entana. Matetika anefa dia tsy mifanaraka ny isan'ny entana nafarana sy ny isan'ny entana misy eo amin'ny mpamatsy. Na izany aza, ny voasoratara ao anatin'ny taratasy fanafarana dia hanampy ny mpamatsy rehefa mampiditra ny entana ao anatin'ny kaontenera izy.

## 5.2 Mangataka famatsiana bisikileta

Ny Filankevi-Pitantanana dia tomponandraikitra amin'ny famenoana ny taratasy fangatahana famatsiana (jereo ny Tovana V pejy 51) miaraka amin'ny mpanara-mason'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Tokony ho hita ao amin'ny taratasy ny anaran'ny Orinasa mivarotra bisikileta, ny adiresiny, ny laharam-pifandraisana amin'ny telefona, ary ny toerana hiantsonan'ny sambo mitondra ilay entana. Ny taratasy fangatahana famatsiana dia tokony hamaritra ny karazana bisikileta tsirairay afarana, araky ny habeny ary ny isany isaky ny karazana. Tsara marihana fa ny fitaovam-piasàna sy ny kojakoja na piesy dia aloan'ny Orinasa mivarotra bisikileta raha tsy misy ny efa niasa. Ny taratasy fangatahana famatsiana entana dia tokony hisy daty sy sonian'ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana ary ny mpitahiry volan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Tsy maintsy mifandray mivantana amin'ny mpamatsy ny kaoperativa mba hanao ny fandaminana rehetra ilaina amin'ny famatsiana. Ny fanaovana izany dia mitaky fahalalàna fototra mahakasika ny fampiasàna solosaina, ny aterineto, ary fananana adiresy mailaka hifandraisana amin'ny mpamatsy. Tokony halefa amin'ny mailaka ny fangatahana famatsiana raha tsy hoe misy fomba hafa nifampiresahana tamin'ny mpamatsy.

Ny Orinasa mivarotra bisikileta dia mety misafidy ny hifampizara ny bisikileta sy ny entana rehetra ao anaty kaontenera iray amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta hafa, ary koa hifampizara aminy ny saran'izany fanafarana izany. Raha azo atao, ny kaoperativa roa izay nifanaraka dia tsy maintsy miara-mamita ny fandaminana rehetra ilaina, ary mandefa ny taratasy fangatahana izay maneho ny filan'ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay avy.

## 5.3 Fitaterana an-dranomasina sy an-tanety

Amin'ny ankapobeny, ny mpamatsy bisikileta no mandamina ny fandefasana ny entana avy any amin'ny seranan-tsambon'ny mpamatsy mankany amin'ny seranan-tsambon'i Madagasikara.

Raha miala avy any Etazonia ilay kaontenera dia maharitra eo amin'ny 40 andro eo ho eo vao tonga amin'ny seranan-tsambo eto Madagasikara izany. Na izany aza, ny fiantsonan'ny sambo mitondra ny kaontenera avy any Etazonia dia mety miovaova ary noho izany antony izany dia tena zava-dehibe ny manara-maso ny fivoaran'ny fitaterana ny entana an-dranomasina amin'ny alàlan'ny fijerena ny tranokalan'ny mpitatitra na https://www.veselfinder.com/vessels. Tokony hifandray tsy tapaka amin'ny mpamatsy azy ny kaoperativa, izay afaka manome izany vaovao izany indraindray.

Andraikitry ny kaoperativa ny mandamina ny fitaterana ny entana miala amin'ny seranan-tsambo mankany amin'ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny fitaterana an-tanety rehetra dia tsy maintsy alamina mivantana miaraka amin'ny mpitatitra, ao anatin'izany ny fandoavam-bola. Ny lisitry ireo mpitatitra an-tanety teo aloha sy ny mombamomba azy ireo dia hita ao amin'ny (Tovana VI, pejy 53). Ny kaoperativa dia afaka manampy ity lisitra ity raha ilaina izany.

Ny fepetra mahakasika ny fitateran'entana sy ny fepotoana anolorany azy dia tokony iarahana manapaka amin'ny mpitatitra araka izay fepetra ifanarahana. Mety mitaky fandoavam-bola fanampiny ny fahataran'ny famerenana ilay kaontenera poakaty amin'ny Orinasam-pifamoivoizana an-dranomasina. Noho izany ny fananana taratasy fifanarahana ahitàna daty mazava tsara momba ny fanolorana ny entana amin'ny kaoperativa sy fiverenan'ilay fiara nitondra entana, miaraka amin'ny mpitatitra, no manila andraikitra ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny fandoavam-bola fanampiny noho ny fahatarana.

## 5.4 Fanomànana ny fanalàna Fadintseranana

Raha mbola eny ambony ranomasina ny kaontenera, ny kaoperativa dia tsy maintsy manomboka ny fiomànana amin'ny fanalàna ny fadintseranana eto Madagasikara.

Mety mandany fotoana, ary indraindray miova ny fizotran'ny fanalàna fadintseranana ny entana ao anaty kaontenera rehefa tonga ao amin'ny seranan-tsambo. Ity torolàlana manaraka ity dia mifototra amin'ny fizotran'izany amin'ny fotoana anoratana azy, ary ny antsipirihany tokony hamarinina miaraka amin'ny Mpandefa/Mpampita entana alohan'ny hahatongavan'ny sambo.

### 5.4.1 Fisafidianana Mpandefa/Mpampita entana

Mba hahazoana antoka fa tontosa tsara avokoa ireo asa rehetra, ny Orinasa mivarotra bisikileta dia mety hangataka fiaraha-miasa amin'ny Mpandefa/Mpampita entana. Tena zava-dehibe ho an'ny asa fanalàna Fadintseranana rehetra eto Madagasikara noho ny fahasarotan'izany asa izany ny fiaraha-miasa amin'ny Mpandefa/Mpampita entana na ny mpanelanelana nahazo alalana amin'ny Fadintseranana. Tokony hodinihina mandritry ny famolavolana ny Tetibola ny fandaniana mifanaraka amin'izany. Voatanisa ao amin'ny (Tovana VII, eo amin'ny pejy 53) ny lisitr'ireo masoivoho Mpandefa/Mpampita entana.

Ny Mpandefa/Mpampita entana no mpanelanelana amin'ny mpamatsy (na ny mpanafatra entana) sy ny mpanome tolotra amin'ny fitaterana isan-karazany toy ny orinasa fitaterana an-dranomasina sy ny mpitatitra amin'ny fiara vaventy an-tanety.

Ny fikarakarana na ny tolotra omen'ny Mpandefa/Mpampita entana dia ny fifandraisana amin'ireo mpitatitra sy ny biraon'ny fadintseranana mba hahafahana mitantana ny fizotry ny fanalàna Fadintseranana sy hifampiraharahana ny saran'ny fitaterana ny entana miala ao amin'ny seranan-tsambo nahatongavan'ny entana mankany amin'ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta. Manana fahalalana betsaka momba ireo antontan-taratasy rehetra ilaina, ny fehezan-dalàna mifehy ny fadintseranana sy ny safidy mety mahakasika ny fitaterana ary mety koa mahavita manamora ny fizotry ny fanafaran'entana ataon'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny Mpandefa/Mpampita entana. Anjaran'ny kaoperativa ny mandray fanapahan-kevitra ny mahakasika izay mason-tsivana hitany mety amin'ny fisafidianana ny Mpandefa/Mpampita entana, fa na izany aza, ny sarany sy ny fahaiza-manaony na ny fahombiazany no tokony ho tafiditra amin'ny antony lehibe indrindra hiaraha-miasa aminy.

Raha vao vita ny fisafidianana ny Mpandefa/Mpampita entana dia tokony hangataka faktiora vonjimaika aminy kaoperativa.

### 5.4.2 Antotantaratasy ilaina

#### 5.4.2.1 Mahakasika ny Mpamatsy

Ny fampahalalana ilaina sy omena ny mpamatsy dia ahitàna ny:

- Adiresy sy ny antsipirian'ny fifandraisana ahafahana mifampiresaka amin'ny mpanafatra entana;
- Adiresy feno ny serana-tsambo ahatongavan'ny entana.

#### 5.4.2.2 Antontantaratasy takiana amin'ny Fanalàna Fadintseranana

Mandritry ny fizotry ny fanalàna Fadintseranana, ireto antotantaratasy voatanisa eto ambany ireto no takian'ny mpitantana ny Fadintseranana.

I. Master Bill of lading na 'Non-negotiable Way Bill'misy fanamarihana hoe ***"Verify or Certified True Copy"***; (jereo Tovana IX, pejy 55);
II. Lisitry ny fonosan'entana na "Packing list";
III. Fanambaràna firenena niavian'ny entana na "Country of origin declaration";
IV. Faktioram-barotra na "Commercial invoice";
V. Taratasy fanjohiana entana naondrana amin'ny sambo na "Bordereau de suivi de cargaison : BSC » ;
VI. Fanamarinam-panomezana na "Certificat de donation";
VII. Taratasy fanondranan'entana na "Lettre d'exportation" (ho an'ny fanafaran'entana ankoatra an'I Etazonia dia ilaina ity taratasy ity);
VIII. Faktiora fandefasan'entana na "Delivery invoice";
IX. Taratasy fanambaràna amin'ny Fadintseranana na "Lettre de declaration en douane" ;
X. Fanamarinam-pijoroana/fisian'ny kaoperativa na "Certificat d'existence" omen'ny fokontany ijoroan'ny kaoperativa;
XI. Karatra manambara ny laharam-pamantaran-ketra na "Carte d'identification fiscale" ho an'ny taona diavina;
XII. Adiresin'ny toerana ipetrahan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, adiresy mailaka ahazoana mifandray amin'ny Orinasa.

Raha vao naondrana amin'ny sambo ny bisikileta, dia afaka alefan'ny mpamatsy entana mankaty Madagasikara ny antontantaratasy laharana I, ka hatramin'ny VIII amin'ilay lisitra voalaza etsy ambony. Azo alefa any amin'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta na alefa mivantana any amin'ny Mpandefa/Mpampita entana ireo antontantaratasy ireo. Tokony hampitain'ny kaoperativa mazava tsara amin'ny mpamatsy ny adiresy handefasana ireo antontan-taratasy ireo. Tokony hijery tsara

aloha fa marina sy tomombana avokoa izay voalaza rehetra ao anatin' ireo antontantaratasy notanisaina etsy ambony ireo, vao mandefa ireo antontantaratasy ireo, ny mpamatsy.

Raha vao voamarina ny voalaza rehetra, ny mpamatsy dia mandefa ireo antontantaratasy tena izy amin'ny kaoperativa na ny Mpandefa/Mpampita entana, amin'ny alàlan'ny orinasa manana traikefa manokana amin'ny fandefasana sy fizaràna taratasy na "colis express". Alefan'ny mpamatsy amin'ny alàlan'ny mailaka amin'ny kaoperativa na amin'ny mpandray izay notendren'ny kaoperativa ny antontantaratasy natao tamin'ny solosaina.

### 5.4.2.3 Fanombanana ny Sandan'ny Bisikileta

Ny faktiora ara-barotra nomen'ny mpamatsy dia misy ny sandan'ny entana naondrany an-tsambo. Ny fanombanana marina ny sandan'ny bisikileta nalefan'ny mpamatsy dia ilaina mba hahazoana antoka fa mivoaka tsy misy olana ny kaontenera mandritra ny fanalàna ny Fadintseranana. Ny tsy fahaizana manombana ny sandan'ny entana araka ny tokony ho izy mifanaraka amin'ny sanda azo ampitahaina eto Madagasikara dia mety hiteraka sazy sy fandoavana sara fanampiny mifandraika amin'ny fihitaran'ny fihazonana ny kaontenera ao amin'ny seranan-tsambo.

Raha tsy mahatoky tena ny kaoperativa fa araka ny tokony ho izy ny fanombanana ny sandan'ny bisikileta nataon'ny mpamatsy, dia tsy maintsy mangataka taratasy any amin'ny fitantanana ny Fadintseranana ao Antananarivo izy, izay manambara ny fankatoavany ny sandan'izany entana nafaran'ny kaoperativa izany. Ny antontantaratasy nomen'ny fitantanana ny Fadintseranana raha misy no hampiasaina mandritra ny fizotry ny fanalàna Fadintseranana fa tsy tena mifototra intsony amin'ny faktiora ara-barotra izany.

### 5.4.3 Rafitra fanarahamaso ny entana

Ny GASYNET dia orinasa tsy miankina izay natsangana hanohana ny fampiasana teknolojia fampahalalana sy fifandraisana eto Madagasikara, ary manohana ny fizotry ny fanavaozana ny fitantanan-draharaha ary manamafy ny fifandraisana sy ny fifampitokisana amin'ireo mpiara-miasa sy mpampiasa ny tolotra omeny.

Ny GASYNET dia namolavola rafitra fanarahana fanondranan'entana na taratasy milazalaza ny fanjohiana ny entana naondrana amin'ny sambo (BSC) izay ampiasaina hanarahana ny fandefasan'entana mankany Madagasikara. Ny mpamatsy (mpanondrana) andaniny ary ny kaoperativa (mpanafatra) ankilany, dia tsy maintsy manana kaonty BSC. Ity rafitra ity no ahafahan'ny mpanondrana (mpamatsy bisikileta) mampiditra ny antsipirian'ny rehetra mahakasika ny fanondranana an-tsambo an-tserasera sy mampahafantatra amin'ny mpanafatra ny toe-javatra misy mahakasika ny BSC nampankatoaviny.

Takiana amin'ny kaoperativa ny fananganany kaonty BSC amin'ny alalan'ity tranokala manaraka ity https://bscmg.sgs.com/. Voalohany dia tsy maintsy manoratra ny orinasany amin'ny tranokala miaraka amin'ny mombamomba azy ao anatin'izany tranokala izany ny kaoperativa ary ao anatin'izany ny Laharam-Pamantaran-Ketra na (NIF), ny adiresy, ny mombamomba ny laharam-pifandraisana ary ny dika mitovy ny kara-panondron-ketra.

Izay mampiasa voalohany ny rafitra BSC dia tsy maintsy manoratra ny mahakasika azy ao anatin'ilay rafitra. Afaka manohy miditra amin'ny kaontiny amin'ny alàlan'ny tranokala BSC ny kaoperativa rehefa mampiasa ny anaran'ny mpampiasa ilay kaonty sy ny teny miafina nomena azy.

#### *5.4.3.1 Fisoratana anarana amin'ny fanondranana an-tsambo ao amin'ny BSC*

Ireto ny dingana fanoratana ny fanondranana an-tsambo ao amin'ny rafitra BSC:

I. Rehefa aondrana amin'ny sambo ny bisikileta, ny mpamatsy (mpanondrana) dia tokony hameno ny taratasy fanjohiana ny fanondranana entana amin'ny sambo BSC mba hampahafantana ny Fadintseranana eto Madagasikara;
II. Amin'ny alàlan'ny fanoratana anarana ny fanondranana an-tsambo ao anatin'ny rafitra BSC, ny mpamatsy (mpanondrana) dia mandefa miaraka an'izany ireo antontantaratasy fototra ilaina, ao anatin'izany ny faktiora ara-barotra, ny lisitry ny fonosana, ny faktioran'ny entana "bill of lading" ary ny taratasy fanondranana. Ny taratasy fanondranana dia tsy takiana amin'ny fanafarana avy any Etazonia;
III. Ny kaoperativa avy eo, dia afaka mamorona BSC fanafarana. Ny voalaza ao amin'izany dia tsy maintsy mitovy amin'izay nampidirin'ny mpamatsy tao anatiny mba hankatoavana ny BSC sy fanalàna Fadintseranana eto Madagasikara;
IV. Ny ivon-toerana ara-teknika, aorian'ny fizahana ny taratasy dia mankatoa ny BSC. Ny BSC nankatoavina "azo ekena" dia takiana ho anisan'ny antotantaratasy tena ilaina amin'ny fanalàna Fadintseranana.

Raha tsy misy BSC nankatoavina azo ekena, dia tsy azo atao mihitsy ny fanalàna Fadintseranana. Raha mahatsapa tena fa tsy mahavita manomana izany BSC izany ny kaoperativa, dia afaka mangataka ny Mpandefa/Mpampita entana izy hanomana izany amin'ny anarany ary adidiny ny mandoa amin'ny Mpandefa/Mpampita entana ny sara fanampiny ilaina amin'ny famolavolana izany.

Ny BSC dia tsy maintsy vitaina alohan'ny fahatongavan'ny entana naondrana, ao amin'ny seranan-tsambo, ary noho izany ny fikarakarana rehetra dia tokony ho vita mialohan'ny fahatongavan'ny entana.

## 5.5 Ireo dingana amin'ny Fadintseranana

Sarotsarotra ireo asa miandry ao amin'ny seranan-tsambo amin'ny ny fanalàna Fadintseranana sy amoahana ny kaontenera misy ny entana nafarana. Misy dingana efattra ny fanalàna Fadintseranana:

I. Fisafidianana sy fifandraisana amin'ny Mpandefa/Mpampita entana;
II. Fanambaràna amin'ny Fadintseranana;
III. Fanombanana sy fankatoavana ny fanambaràna ataon'ny tomponandraikitra amin'ny Fadintseranana;
IV. Famoahana ny entana nafarana ataon'ny Fadintseranana.

Ireo antontantaratasy rehetra takian'ny Fadintseranana dia tsy maintsy omena ny Mpandefa/Mpampita entana, miaraka amin'ny fanomezan-dalana na fanomezam-pahefana azy, hanao ny fombafomba rehetra amin'ny Fadintseranana, izay tsy maintsy fenoina sy soniavin'ny mpanafatr'entana izay misolo tena azy ny filohan'ny Filankevi-Pitantanana na ny Mpitahiry volan'ny kaoperativa, na ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa tonga eo amin'ny seranan-tsambo amin'ny famoahan'entana.

Ny famenoana ny taratasy fanambaràna amin'ny Fadintseranana dia atao amin'ny fotoana fampidinana ny kaontenera misy ny bisikileta avy eny ambony sambo nitatitra azy, ka ny Mpandefa/Mpampita entana no manao izany fanambaràna izany

Io antontantaratasy fanambaràna io no mapahafantatra amin'ny Fadintseranana ny mahakasika ny mpanondrana (ny mpamatsy entana), ny mpanafatra (ny kaoperativa), ny karazan'ny entana, ny isany,

ny hadiriny, ny lanjany, ny sandan'ny bisikileta nafarana, sy ireo fitaovana miaraka aminy ary ireo kojakoja na piesy izay tombanan'ny tomponandraikitry ny Fadintseranan'i Madagasikara ny sandany, amin'ny vola eo an-toerana.

Ity antontantaratasy ity koa no mampahafantatra ny hetra sy haba amin'ny fanafarana aloan'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

### 5.5.1 Fikajiana ny Hetra

Ho an'ny bisiileta, ny haban-tseranana alaina amin'ny fanafarana izany dia 20% amin'ny sandan'ny entana, ny fiantohan'azy ary ny saran'ny fitaterana an-dranomasina izay fantatra amin'ny fanafohezan-teny hoe sanda "CAF" ny entana nafarana. Io taha 20% io no ampiharina ihany koa ho an'ny Tataonketra (TVA).

Mba hanazavana tsara kokoa ny fomba fikajiana ny hetra sy haba alaina amin'ny fanafaran'entana ataon'ny kaoperativa, toy ity manaraka ity ny raikipohy ampiasaina amin'izany.

HABAN-TSERANANA (DD)

=

VIDY NA SANDA VOALAZA AO AMIN'NY FAKTIORAM-BAROTRA

+

FIANTOHANA (RAHA AZO AMPIHARINA)

+

SARAM-PITATERANA AN-DRANOMASINA

x

20%

**Ohatra:**
Tamin'ny Septambra, ny sandan'ny $1 dia 3,620 Ariary
Ny fitambaran'ny sanda voalaza ao amin'ny faktioram-barotra nalefan'ny mpamatsy dia $8,129
Ny saram-pitaterana an-dranomasina dia $3,150

Hetra sy Haban-tseranana = [(8,129 + 3,150) x 3,620] x 20% = 40,829,980 x 20%

DD= 8,165,996 Ariary

**TATAONKETRA (TVA) = (Sanda CAF + DTI) x 20%**
TVA = (40,829,980 + 8,165,996) x 20%
TVA = 9,799,195 Ariary

| Hetra sy Haban-tseranana amin'ny Fanafarana (DTI) = DD + TVA |
| --- |
| DTI = 8,165,996 + 9,799,195 |
| DTI = 17,965,191 Ariary |

## 5.6 Fanalàna Fadintseranana

Ny tomponandraikitry ny Fadintseranana nijery sy nandalina ny fanambaràna amin'ny Fadintseranana no mampihatra ny iray amin'ireto, izay azo amaliana izany fanambaràna izany:

- Zotra maitso: tsisy fitsirihana fanamarinana ny entana – tsy misy ahiahiana ny entana ao anatin'ilay kaontenera ary manome alalana ny famoahana avy hatrany ilay entana ny tomponandraikitry ny Fadintseranana;
- Zotra mavo: tsy misy ahiahiana ny entana ao anatin'ny kaontenera fa fanamarinana tsara ireo antotantaratasy no ataon'ny tomponandraikitry ny Fadintseranana;
- Zotra mena: ahiahiana ny entana ao anatin'ny kaontenera ka ampandalovina amin'ny fitarafana na "scanner". Mety handalo famahàna sy fijerena ny entana ao anatin'ilay kaontenera izany raha mampiahiahy ny valin'ny fitarafana na "scanner".

Raha mampiahiahy ny entana ao anatin'ny kaontenera, ny fijerena sy fanamarinana ataon'ny Fadintseranana dia mety tonga amin'ny famoahana ny entana rehetra izay nafarana. Ny antony anaovany izany fijerena sy fanamarinana izany dia tsy maintsy miseho eo amin'ny pejy voalohan'ny tatitra nomanin'ny Fadintseranana Malagasy izay mifanaraka amin'ny valin'ny fitarafana "scanner" izay aseho amin'ny pejy faharoa amin'izany tatitry ny valiny izany.

Ireo antony azo hiheverana fa mampiahiahy ny entana nafarana dia mety avy amin'ny sandany izay voalaza tany anaty fanambaràna, ny habetsany, ny kalitaony ary mety ihany koa ny karazan'entana nafarana. Ny solontenan'ny Orinasa mivarotra bisikileta izay mandray anjara amin'ny fanalàna Fadintseranana dia tokony hanatrika ny fijerena sy fanamarinana ny entana ao anatin'ny kaontenera ataon'ny tomponandraikitra noho ireto antony ireto:

- Ny Mpandefa/Mpampita entana dia mety tsy manana tohankevitra marim-pototra hiarovana ny entana nafaran'ny kaoperativa;
- Ny solotenan'ny Orinasa mandray anjara amin'ny fijerena sy fanamarinana dia tsy maintsy manana valiny mifanaraka amin'ny famotopotorana ataon'ny tomponandraikitry ny Fadintseranana;
- Tsy maintsy mailo ny solotenan'ny kaoperativa manatrika izany amin'ny fanarahamaso ny famoahana sy fampidirana indray ireo entana ao anatin'ny kaontenera mba tsy ho simba na ho very.

Aorian'ny fijerena sy fanamarinana ataon'ny tomponandraikitry ny Fadintseranana dia miverina mijery ny fanambaràna indray izy ireo. Raha mahita tsy fahatomombanana izy eo amin'ny sandan'ny entana natao fanambaràna, dia mety hanitsy izany izy, hampandoa ny hetra sy haba mifanaraka amin'izany fanitsiana izany ary hitaky onitra manomboka amin'ny 25% ka hatramin'ny 50% amin'ny sandan'ny entana rehetra. Raha misy ny famerenana ny fandikan-dalàna amin'ny Fadintseranana dia ho tonga hatramin'ny 100% ny onitra takiany amin'izany. Raha vao vita ny fandoavam-bola dia azo alaina ao amin'ny Fadintseranana ny entana ary taterina mankany amin'ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ireo antontantaratasy nomen'ny Fadintseranana Malagasy aorian'ny famoahana ilay kaontenera dia ampiarahana amin'ilay mpitatitra ny entana rehefa entina any amin'ny toerana anaterana izany ireo entana ary tsy maintsy alain'ny tomponandraikitry ny Orinasa mivarotra bisikileta rehefa mandray ny entana any amin'ny toeran misy ny Orinasa ireo atontantaratasy ireo.

Ny Antontantaratasy Tokana avy amin'ny sampandraharahan'ny Fadintseranana Malagasy (DAU) dia tafiditra ao anatin'ireo antontantaratasy nampiarahana tamin'ny mpitatitra ny entana mankany amin'ny toerana misy ny Orinasa izay tsy maintsy alain'ny solotenan'ny kaoperativa any amin'io mpitatitra io. Izany antontantaratasy izany no takian'ny banky rehefa mandoa vola na mamindra vola mifandraika amin'ny fitaterana an-dranomasina ny kaoperativa. Ny Antontantaratasy Tokana avy amin'ny Fadintseranan (DAU) dia manampy ny Fadintseranana Malagasy amin'ny fanarahamaso ny famindràna na fandefasam-bola ataon'ny kaoperativa amin'ny mpamatsy. Ity antontantaratasy ity no ahafahan'ny fitantanana ny Fadintseranana manamarina raha toa ka mifanaraka amin'ny sanda nambaran'ny mpamatsy ny famindrana na fandefasam-bola ataon'ny kaoperativa aminy.

## 5.7 Fahatongavana sy Fitahirizana ireo Entana

Alohan'ny hahatongavan'ilay kaontenera, mitaky fandaminana mialoha ny toerana fitahirizana na ny trano fanatobiana ireo entana nafarana. Amin'ny fahatongavan'ny bisikileta 500 ao anaty kaontenera dia ilaina ny manana toerana malalaka hanaovana ny fanisàna, hananganana na hanamboarana ny bisikileta, hanasokajiana ary hitahirizana ireo bisikileta ireo. Araky ny voalaza, ny toerana fitahirizan'entana dia tsy maintsy azo antoka sy ambenana mba hisorohana ny fahaverezany noho ny halatra.

Raha vao tonga ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta ilay kaontenera dia atao ny fanisàna ny entana rehetra ao anatiny ary tehirizina ao amin'ny trano fanatobiana entana na toerana fitahirizana izany ireo entana ireo. Mila atambatry ny teknisianin'ny Orinasa mba ho tomombana tsara ireo bisikileta alohan'ny hivarotana azy.

Tokony hazava tsara ny anjara asa sy ny andraikitra sahanin'ny tsirairay avy, alohan'ny hahatongavan'ny entana. Noho ny habetsaky ny bisikileta sy ny kojakoja na piesy izay ho tonga dia tsara ho an'ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny manomboka ny asa vao marainabe.
Ireto asa manaraka ireto dia tokony hatao mandritry ny famoahana sy fitehirizana ireo bisikileta sy ireo kojakoja:

- Manamarina fa mety na mifanaraka amin'ny hitehirizana ny bisikileta sy ny kojakoja ny toerana hanatanterahana ny fanisàna;
- Mametraka na manatoby ireo bisikileta, ny kojakoja araky ny karazany avy;
- Manisa ireo entana sy mijery ny toerana hitahirizana azy;
- Mameno ny taratasy fanisàna ny bisikileta sy ny kojakoja ary ny fitaovana rehetra;
- Mitahiry ireo entana araky ny karazany na ny sokajiny ao min'ny trano na toerana fitahirizan'entana;
- Manomana ny fitanana an-tsoratra mahakasika ny entana nisaina, manao sonia izany ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny (mpitatitra, mpanara-maso ny Orinasa mivarotra bisikileta ary ny mpitahiry entana);
- Mampirina ny fitanana an-tsoratra mahakasika ny entana ao amin'ny tahirin-kevitry ny Orinasa mivarotra bisikileta.

### 5.7.1 Fizaràna entana ao anatin'ny kaontenera eo amin'ny Orinasa roa mivarotra bisikileta

Ireo kaoperativa mifampizara ny entana nafarany dia tsy maintsy miara-mandrindra ny fanafarana ary mizara mitovy ny sanda mifanaraka amin'ny fanafarana. Tafiditra ao anatin'izany sandany izany ny fitaterana an-dranomasina, ny fanalàna Fadintseranana, ary ny fitaterana an-tanety mankany amin'ny toerana misy ny kaoperativa tsirairay avy.
Rehefa tonga eo amin'ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta voalohany ny kaontenera, dia atsangana ireo bisikileta ary atao ny fanisàna ny entana rehetra. Ireo bisikileta sy kojakoja na piesy ary fitaovana dia zaraina mitovy amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta roa. Ny kalitaon'ny bisikileta no masontsivana tsy maintsy omen-danja mandritry ny fifampizaràna.

Ny fizaràna ireo entana nafarana dia tsy maintsy atao arakaraky ny fangatahana famatsiana avy amin'ny Orinasa roa tonta, izay nalefa tany amin'ny mpamatsy. Tokony ho sokajiana araky ny kalitaony ambony na ambany, ny toetoetrany ary ny endriny na ny bikany ireo bisikileta rehetra. Ny fizaràna marina na mitovy ny entana dia tsy maintsy raketina ao anaty fitanana an-tsoratra ary soniavin'ny solotenan'ireo Orinasa mivarotra bisikileta roa manao ny fifampizaràna.

Manana adidy ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay avy ny hitahiry ny dika mitovy amin'ny fitanana an-tsoratra ary mampiseho an'izany amin'izay tomponandraikitra manao fitsirihana sy fanarahamaso ny fitantanana amin'ny fotoana anaovany izany. Fanampin'izany, ny fitanana an-tsoratra no ahafahana mahafantatra ny fisian'ny fananan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Zava-dehibe ny fanombanana araky ny tokony ho izy ireo bisikileta sy ireo kojakoja rehetra alohan'ny hirosoana amin'ny fitaterana azy ireo mankany amin'ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta faharoa, noho ny fahasarotana sy ny saran'ny fandefasana ny entana voazara any amin'izany Orinasa faharoa izany.

# 6. FANOMANANA NY VAROTRA

Misy dingana savaranonando tsy maintsy vitaina alohan'ny famarotana ny bisikileta mba hiantohana ny fihodinana sy fampaharetana ireo asa ataon'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny fanatanterahana ireo dingana ireo no hitondra sy hanome endrika na laza tsara, ny Orinasa, manoloana ny mpanjifany ary hanasongadina azy amin'ireo mpivarotra bisikileta hafa. Ireo asa atao amin'izany dingana izany dia ahitàna ny:

- Fikojakojana sy fanamboarana ireo bisikileta raha ilaina izany;
- Fanasokajiana sy fametrahana ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy;
- Fanomanana ireo antontantaratasy ilaina amin'ny fivarotana.

## 6.1 Fananganana, Fikojakojana ary Fanamboarana Bisikileta

Ireo bisikileta rehefa tonga any amin'ny toerana misy ny Orinasa, amin'ny ankapobeny dia misaraka ny kojakoja sasany eo aminy, ary mitaky fananganana, fitsirihana na fizahàna, fikojakojana goavana sy fanamboarana izany mialohan'ny hivarotana azy. Ireo asa ireo dia mety maharitra herinandro maromaro ary tokony ho vita alohan'ny hivarotana ireo bisikileta. Ireo fampahalalana ara-teknika rehetra mahakasika ny fananganana sy ny fitsirihana na fizahàna ireo bisikileta dia azo jerena ao amin'ny boky torolàlana ho an'ny teknisianina.

Ireo kojakoja na piesy sy ireo fitaovana rehetra an'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tsy maintsy haverina ao amin'ny trano fitahirizan'entana isaky ny mifarana ny andro fiasàna. Tsy azo atao ny

findramana na fampindramana ireo fitaovan'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny asa ivelan'ny any kaoperativa.

Raha vantany vao manomboka manao ny fikojakojana na fanamboarana ny bisikileta ireo teknisianina, dia tsara kokoa raha mijanona amin'ny teknisianina iray, manomboka amin'ny voalohay ka hatramin'ny fahavitan'ilay bisikileta, no tomponandraikitra amin'ny fikojakojana na fanamboarana nataony tamin'izany bisikileta izany. Ny asa fikojana na fanamboarana bisikileta mifampitohy sy mifindra tanana amin'ny teknisianina hafa dia manahirana ny manara-maso azy, ny miantoka ny fahatomombanan'ny kalitaon'ny fanamboarana na fikojakojana natao tamin'izany, ary koa ny manara-maso ny kojakoja na piesy sy ny fitaovam-piasàna nampiasan'ireo teknisianina. Raha sendra fahasarotan'ny fikojakojana na fanamboarana ny teknisianina dia afaka manatona ireo mpiara-miasa aminy izy nefa tsy mamindra ny fikojakojana na fanamboarana ilay bisikileta amin'ilay teknisianina hafa akany torohevitra.

Ny teknisianina sy ny mpitahiry entana dia tokony hijery mialoha ireo kojakoja hampiasaina mandritry ny fanamboarana sy fikojakojana ilay bisikileta atao tomombana, ary koa ny fitaovam-piasàna ampiasaina mifanaraka amin'izany, mba hahafahana mamaritra raha misy entana tokony ho vidiana amin'ny mpamatsy na amin'ny tsena eo an-toerana. Raha tsy ampy ny kojakoja na piesy, na fitaovam-piasàna nafarana tamin'ny mpamatsy, na tsy dia tsara ny kalitaon'izy ireny, dia tokony homarihana manokana izany amin'ny fanafarana manaraka.

### 6.1.1 Fanamboarana Bisikileta aorian'ny varotra

Amin'ny traikefa efa hita andavanandro, ny bisikileta namidin'ny Orinasa dia mety hisy tsy fahatomombanana ara-teknika izay mila fanamboarana. Nampiofanina amin'ny fanamboarana bisiileta ireo teknisianin'ny Orinasa mivarotra bisikileta mba ho asa fidiram-bola fanampiny ho azy ireo. Ireo teknisianina dia miara-miasa amin'ireo mpitahiry entana amin'ny fampidirana sy famoahana ireo bisikileta avy ao amin'ny toerana fitahirizana azy, ary manoratra izay rehetra ilaina amin'ny fikojakojana sy fanamboarana ka anisan'izany ireo kojakoja na piesy fanolo sy ireo fitaovam-piasàna ary ny fampitaovana ny mpiasan'ny Orinasa. Izany dia marihana ao amin'ny fisy fanamboarana (jereo ny (Tovana II.1 sy II.2 pejy 44 sy 45), rejisitra fanoratana izany na ny fisy tahiry.

Ny bisikileta tsirairay izay amboarina na kojakojaina ka ampidirina ao amin'ny toeram-pivarotana dia tokony hanana fisy fanamboarana manana laharana tsirairay avy (jereo ny Tovana VIII pejy 54) izay milazalaza ny mahakasika ny daty, ny karazan'ny sy ny saran'ny asa natao taminy. Izay fampahafantarana ilaina rehetra mahakasika izany dia tokony hosoratana raha misy izany. Ny antontantaratasy tsirairay dia tokony haneho ny toetoetran'ilay bisikileta noraisina ary tokony hosoniavin'ireo izay mifanaraka amin'ny fanamboarana izay atao.

Zava-dehibe ny manombana ireo asa atao amin'ny fanamboarana ilay bisikileta ary ny milaza izany amin'ny tompon'ilay bisikileta araka izay azo atao. Tokony hampandrenesina ny mpanjifa raha misy fiovàna ny faharetan'ny fotoana neritreretina hanamboarana sy / na hikojakojana ilay bisikileta.

## 6.2Fanasokajiana sy Famaritana ny Vidin'ny Bisikileta

### 6.2.1 Fanasokajiana bisikileta

Raha vao vita ny fananganana, fizahàna ary ny fanamboarana ny bisikileta, ireo bisikileta rehetra dia tsy maintsy sokajina ary asiana mari-pamantarana azy tsirairay avy. Ny fanombanana ny kalitaon'ny bisikileta alohan'ny fivarotana azy no lakile mety indrindra amin'ny famaritana ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy. Ny fanasokajiana dia atao araky ny toetoetry ny bisikileta izay voatanisa ao amin'ny

rejistra hiraketana na hanoratana azy ary nifanarahan'ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny sokajy omena ny bisikileta tsirairay avy.

Sokajy telo farafahakeliny no tokony ho hita ary omena mari-pamantarana A, B, ary C izay manana loko mifanaraka amin'izany. Ny sokajy fanampiny ankoatra ireo dia azo foronina raha ilaina izany.
Ny litera sy ny loko no tokony hampiasaina fa tsy laharana mba hisorohana ny mety ho fitsaran'ny mpanjifa ny kalitaon'ny bisikileta.

Ny sokajin'ny bisikileta sy ny loko mifanaraka amin'izany no ahalalan'ny mpanaramaso sy ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny fandaminana ny bisikileta arakaraky ny sokajiny sy ny kalitaony izay miainga avy amin'ny toetoetrany sy ny bikany na ny endriny. Ireo toetra manandanja amin'ny mpanjifa dia tokony horaisina ihany koa ary omen-danja amin'izay filàn'ny mpanjifa.
Azo fintinina toy izao ireo sokajin'ny bisikileta:

- Sokajy A / Manga: bisikileta manana kalitao avo indrindra, tsy dia ahitàna tsy fahatomombanana na fahasimbàna eo aminy ary tsy dia mahazatra loatra ny bikany na ny endriny. Be mpitady ny bisikileta amin'ity sokajy ity;
- Sokajy B / Maitso: bisikileta manana ny kalitao antonony na eo ho eo ihany, ny tsy fahatomombanana eo aminy na fahasimbàna dia mbola azo amboarina tsara na dia misy fiantraikany kely ihany aza amin'ny fampiasàna ny bisikileta. Eo ho eo ihany ny mpanjifa mitady ity sokajin'ity bisikileta ity;
- Sokajy C / Mavo: Ny bisikileta nosokajiana ato dia ahitàna fahasimbana somary sarotra ny hanamboarana sy hanarenana azy, ary mety tsy dia misy firy ny kojakoja na ny piesiny ka mahatonga azy ho sarotsarotra ny mivarotra azy. Tsy dia be mpitady ny bisikileta ao amin'ity sokajy ity.

Ireo sokajin'ny bisikileta rehetra ireo dia tokony homarihina ao anaty fisy tahiry (jereo fizarana 6.2.3) na ny rejisitry ny bisikileta. Ny karazana bisikileta tena be na vitsy mpitady dia tokony homarihina ao anatin'ireo firaketana voalaza teo ireo mandritry ny fotoana fivarotana ary hampiasaina rehefa mandefa taratasy fangatahana famatsiana amin'ny manaraka. Ambara ho fantatry ny Filankevi-Pitantanana izany angombaovao izany mba hanatsaràna ny fanarahamaso ataony amin'ny varotra sy ny fahaizany manoro hevitra ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta; izay miainga avy amin'ny varotra natao.

### 6.2.2 Famaritana ny Vidy

Misy dingana roa arahana rehefa mametraka ny vidin'ny bisikileta. Ataon'ireo mpiasan'ny Orinasa aloha ny kajy mahakasika ny masonkarena. Ny masonkarena dia fitambaran'ny sara fampihodinana rehetra izay ahitàna ny saran'ny fanafarana bisikileta ary ny saran'ny fampandehanan-draharaha eo anivon'ny Orinasa.

Ny saran'ny fanafarana dia ahitàna ny:

- Saram-pitaterana an-dranomasina;
- Saram-pitaterana an-tanety;
- Hetra sy haba amin'ny fanafaran'entana;
- Karaman'ny Mpandefa/Mpampita entana.

Ny saran'ny fampandehanan-draharaha dia ahitàna ny:

- Ho an'ny vonjy aina sy karama;

- Fanofàna trano sy tany;
- Serasera;
- Fampihodinana ny birao;
- Fampitaovana.

Ny fitambaran'ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy no mandrafitra ny fitambaran'ny masonkarena amin'ny bisikileta. Tokony homen'ireo mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta lanja ny karazany ary ny kalitaon'ny bisikileta tsirairay, izay efa nomena sokajy mba hamaritana ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy. Ireo bisikileta voasokajy ao amin'ny sokajy A, ohatra, dia tokony amidy amin'ny vidiny lafo kokoa noho ireo ao amin'ny sokajy B sy C. Amin'ny ankapobeny, ny fahasamihafana eo amin'ny vidin'ny sokajy A sy B dia eo amin'ny 90.000 Ariary ka hatramin'ny 130.000 Ariary ary ny elanelam-bidy misy eo amin'ny sokajy B sy C dia 50 000 Ariary hatramin'ny 80.000 Ariary. Ny vidin'ny bisikileta tsirairay izay atambatra no manome ny masonkarenan'ny bisikileta ary miainga amin'izay no hamaritana ny vidin'ny bisikileta

Raha vao voafaritra ny vidin'ny bisikileta, dia tokony hamantatra ny tombony tadiavina izay ampiharina amin'ny vidin'ny bisikileta tsirairay avy ny Orinasa. Ny tahan'ny tombom-barotra tadiavina dia tokony ho eo anelanelan'ny 10% ka hatramin'ny 25% amin'ny masonkarena. Raha latsaky ny 10% ny tombony, dia mety hiafara amin'ny fatiantoka no ahazo ny Orinasa. Raha mihoatra ny 25% ny tahan'ny tombom-barotra tadiavina dia mety hisy fiantraikany amin'ny fandehanan'ny varotra bisikileta izany.

Ny vidy tena ivarotana ny bisikileta tsirairay avy noho izany dia ny vidy iaingana avy tamin'ny fikajiana ny masonkarena miampy ny tahan'ny tombom-barotra tadiavina.

Mahakasika ny vidin'ny kojakoja na piesy, ny vidiny dia tokony hitovy na latsaka amin'ny vidin'ny kojakoja na piesy mitovy aminy izay misy eny an-tsena eo an-toerana.

### 6.2.3 Firaketana ny Tahiry

Ny fisy tahiry na ny rejisitra dia ampiasaina handraketana ny fanisàna nataon'ny Orinasa sy handraketana ny fidirana sy ny fivoahan'ny bisikileta, ny kojakoja na piesy ary ny fitaovam-piasàna ao amin'ny fitahirizan'entana mandritry ny fotoam-pivarotana. Tokony ho raketina anaty fisy tahiry sy rejisitra ny bisikileta miditra ao amin'ny fitahirizan'entana raha vao vita ny fananganana na fanambarana sy ny fanamboarana natao taminy. Ny bisikileta lafo rehetra dia tokony hosoratana ao amin'ny rejisitra sy ny fisy tahiry isaky ny vita ny varotra. Tokony ho marihana ao anatin'ny fisy fanamboarana ihany koa ny asa fanamboarana na fikojakojana natao tamin'ny bisikileta.

Ireo firaketana ireo dia manome antoka fa ny Orinasa dia afaka manara-maso ny tahirin'ny bisikileta sy ny kojakoja na piesy, ary koa ahitàna soritra ny bisikileta rehetra miditra sy mivoaka ny fitahirizan'entana. Ireo fitaovam-pitantanana ireo, izay manamora ny fijerena akaiky sy fanarahamaso ny fananan'ny kaoperativa dia tokony ho volavolaina sy hampiasaina.

## 6.3 Fanomanana ireo Fitaovam-pivarotana

Raha vao vita ny fanasokajiana ny bisikileta rehetra, ny bisikileta tsirairay avy dia tokony hanana tapakila fividianana/fandrotsaham-bola, sy mari-pamantarana ny bisikileta amidy.

### 6.3.1 Tapakila Fividianana/Fandrotsaham-bolan'ny bisikileta

Natao ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bolan'ny bisikileta, iatrehana ireo trangan-javatra toy ny fahamaroan'ny mpanjifa. Ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola (jereo ny Tovana X ) no ahitàna ny fampahafantarana mahakasika manokana ny bisikileta toy ny mombamomba azy, ny sokajiny sy ny vidiny. Tokony hifanaraka izay voalaza ao amin'ny fisy tahiry sy ny rejisitry ny bisikileta.

Dika roa mitovy amin'ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola mahakasika ny bisikileta no antonta na atao printy. Ny dika iray dia omen'ny tomponandraikitry ny varotra, ny mpanjifa izay mikasa ny hividy ilay bisikileta. Entin'izy ireo any amin'ny banky na Ivon-teorana madinika findramam-bola nanokafan'ny kaoperativa kaonty izany mba handrotsahany na handoavany ny vola vidin'ny bisikileta. Tsy tokony omena ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola, raha tsy mahazo antoka ny mpanjifa fa tena hividy ilay bisikileta izy.

Tazonin'ny tomponandraikitry ny varotra ny dika iray amin'ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola mba hahalalan'ny mpiasa ao amin'ny Orinasa fa efa lafo ilay bisikileta. Raha vao vitan'ilay mpanjifa ny fandrotsaham-bola nataony tany amin'ny banky na Ivon-toerana mpampindram-bola madinika, dia asehony sy omeny an'izay tomponandrikitry ny varotra ny porofo nanaovany ny fandrotsaham-bola vao omena azy ny bisikileta novidiany.

Noho ny fahamaroan'ny mpanjifa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta, io fomba fiasa io dia misoroka ny adin'ny mpanjifa amin'ny bisikileta iray mampitovy safidy na fitiavana azy, satria tsisy famandrihana mialoha azo atao eo anivon'ny Orinasa. Ho fanampin'izany, ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola dia misoroka ny risika fandoavam-bola be loatra amin'ny vidin'ny bisikileta na ao anatiny na any ivelany, mba hazava tsara amin'ny mpanjifa sy ny mpiasan'ny Orinasa ny vidiny. Io fomba fiasa mangarahara io no mampiorina ny fahatokisan'ireo mpanjifa amin'ny Orinasa.

Ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola, amin'ny ankapobeny, dia manankery mandritry ny tontolo andro nanomezana azy. Alohan'ny hanomezan'ny tomponandraikitry ny varotra ny tapakila fividianana/fandrotsaham-bola amin'ny mpividy dia tokony ho soratany ao ny daty sy fetra farany mampanan-kery ilay tapakila ary hampatsiahiviny ilay mpanjifa mba hanaja io fepotoana io. Raha tsy miverina ny mpanjifa miaraka amin'ny taratasy fanamarinana fandoavam-bola ao anatin'ny fepotoana voalaza tao amin'ilay tapakila fividianana/fandrotsaham-bola dia averin'ny mpiasan'ny Orinasa ao amin'ny toeram-pivarotana ilay bisikileta, ary azo amidy amin'ny mpanjifa hafa izany bisikileta izany.

Na ny nomeraon'ny bisikileta na ny vidiny, dia tsy tokony ho fantatry ny mpanjifa mialohan'ny varotra bisikileta. Tsy misy tapakila fividianana/fandrotsaham-bola mivoaka, ankoatry ny amin'ny andro fivarotana.

### 6.3.2 Mari-pamantarana Bisikileta Amidy

Raha vao voaomana ny mari-pamantaran'ny bisikileta amidy, dia afaka miroso ny varotra ataon'ny Orinasa. Ny bisikileta tsirairay dia samy hanana ny mari-pamantarana azy avy, arakaraky ny sokajiny (A, B, C) (jereo ny Tovana XI) ary voamariky eo amin'izany ny laharany manokana izay hita ihany koa ao amin'ny rejisitry ny bisikileta.

Ny loko ampiasaina dia mifanaraka amin'ny sokajy misy ilay bisikileta izay hazavaina ao amin'ny fizarana 6.2. Ny mari-pamantarana mifandraika amin'ny loko dia hita eo amin'ny bisikileta, ary ny bisikileta rehefa aseho amin'ny mpividy dia alahatra arakaraky ny lokony, sy ny laharany. Izany dia manamora ny fitadiavana ny bisikileta amin'ny fotoana ilàna izany.

Noho ny antony maha mora simba azy, ireo mari-pamantarana ny bisikileta amidy dia esorina rehefa mamerina ireo bisikileta ao amin'ny trano fitehirizana azy, rehefa vita ny tontolo andro fivarotana azy. Raha lafo ilay bisikileta, ny mari-pamantarana azy dia tokony halamina sy hotehirizina tsara ao anaty fitahirizana taratasy na baoritra.

## 7. FOTOANA FIVAROTANA

Ny fotoana fivarotana no tena mavesatra indrindra ny asa atao ho an’ny Orinasa mivarotra bisikileta rehetra. Rehefa misokatra ny varotra ataon’ny Orinasa, tena zava-dehibe ny hahatsapan’ny mpiasan’ny Orinasa tsirairay avy, ireo anjara asany mandritra izany fotoana izany, ary koa ny fandaminana izany mialoha.

Ny Filankevi-Pitantanana no mamantatra sy mamaritra ireo andro, izay hitany fa mety amin'ny fivarotana bisikileta, izay mifanaraka amin'ny zava-misy amin’ny toerana misy ny Oriasa mivarotra bisikileta. Farafahabetsany, telo andro isan-kerinandro no hatokana amin'ny fivarotana bisikileta, ka tafiditra ao anatin'izany, ny andro tsena izay antenaina fa tena maha betsaka ny mpanjifa.

Ny tapak’andro voalohany amin’ny varotra no andraisana ireo mpanjifa, iandrasana ny fandrotsaham-bola nataony ary hamoahana sy hanomezana ny mpanjifa ny bisikileta, izay efa nahazoana taratasy manaporofo ny fandrotsaham-bola nataony. Ny tapak’andro faharoa dia atokana manokana ho an’ny fijerena sy fandraketana na fanoratana ireo antontantaratasy mifanaraka amin’ny varotra natao nandritry ny tapak’andro voalohany teo, sy hanaraha-maso ny bisikileta mivoaka sy miditra ao amin’ny fitahirizan’entana, ary ireo bisikileta naseho ny mpanjifa nefa tsy lafo. Tsy maintsy mifanampy ny mpiasa rehetra mandritry ny fanatanterahana ireo asa ireo.

Ny andro voalohany amin'ny varotra dia tena mitaky fahamailoana be tokoa, noho ny fahamaroan'ny mpanjifa liana mijery ny bisikileta, ka tsy tokony hatao noho izany ny fifandimbiasan’ny mpiasa miasa ao amin’ny Orinasa mba hiantohana ny fampihodinana tsara ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny mpiasa tsirairay dia tsy maintsy mahafehy ny asa nampiandraketana azy avy. Na izany aza, raha mahita ny Filankevi-Pitantanana fa mihena tsikelikely ny habetsaky ny mpanjifa, ilaina ny fandraisana ny fepetra mifanaraka amin'izany. Tokony hamolavola fandaharam-potoana ny Filankevi-Pitantanana, izay apetraka ao amin'ny toeram-pivarotana, mba hahafahan'ny mpiasa tsirairay mahafantatra ny andro hiasàny ao amin’ny Orinasa. Ny fanatanterahana ireo fepetra ireo no mampihena ny saran’ny karama alohan’ny Orinasa ary mampitombo ny tombom-barotra tadiavina.

Ny mpanaramason’ny Orinasa, na ny mpitantana ny toeram-pivarotana dia tsy maintsy manoratra ny ora sy ny andro niasan'ny mpiasa tsirairay ao amin’ny fisy fanarahamaso sy fandoavambolan’ny mpiasa (jereo ny Tovana XIII) mba hanamorana ny fandoavana ny tambin-karaman'ny mpiasa amin'ny faran'ny volana.

Amin'ny maha mpiantsehatra ara-pahasalamana eny anivon’ny fiarahamonina, rehefa tsy miasa ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta ny mpiasa, dia tokony holaniana amin'ny fanatratrarana ireo tanjona amin'ny fahasalamam-bahoaka anivon’ny fiarahamonina, izany fotoana tsy iasàna izany.

### 7.1Varotra Bisikileta

Ny Orinasa mivarotra bisikileta tsirairay dia afaka misafidy karazana fomba fivarotana roa, izay hitany fa mety aminy.

I. Varotra mivantana: ireo bisikileta rehetra noheverina fa hamidy mandritry ny tontolo andro dia aseho avokoa amin'ny besinimaro na ny mpanjifa;
II. Varotra amin'ny santionany: ity fomba iray ity dia misafidy ny tomponandraikitry ny Orinasa, ary mampiseho santionan'ny bisikileta isaky ny sokajy tsirairay avy amin'ny bisikileta mba aseho ny besinimaro na ny mpanjifa.

Ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta sy ny Filankevi-Pitantanana dia tsy maintsy mamaritra mialoha ny isan'ireo bisikileta asehony amin'ny mpanjifa isan'andro. Ny bisikileta lafo dia azo soloina bisikileta hafa navoaka avy ao amin'ny fitehirizin'entana. Rehefa mikatona ny fivarotana, tsy maintsy averina amin'ny toerana azo antoka, na ao amin'ny trano fitehirizan' entana ireo bisikileta rehetra tsy lafo.

## 7.2 Varotra Kojakoja na Piesy

Ny fotoana fivarotana bisikileta dia mifanojo amin'ny fivarotana ireo kojakoja na piesy. Tsy tokony handeha ny fivarotana kojakoja na piesy alohan'ny hanombohan'ny varotra bisikileta satria maro ny kojakoja ilaina mandritra ny fanangana sy fanamboarana ireo bisikileta vao nafarana. Tokony ho laharam-pahamehana ho an'ny mpiasan'ny Orinasa aloha izany, fa raha tsy izany dia mety efa lafo ireo kojakoja na piesy mety ilaina amin'izany fananganana sy fanamboarana izany. .

Sokajiana araky ny karazany ary soratana ao amin'ny kahie sy fisy tahiry ireo kojakoja na piesy rehetra alohan'ny fotoanan'ny varotra. Tokony hanamarina matetika ireo mpitahiry entana fa ny piesy rehetra dia voaisa ary voasoratra ao anatin'ireo voalaza teo ireo.

Ny rosia na faktiora fampiasa mahazatra amin'ny varotra no ampiasan'ny mpitambola amin'ny fivarotana kojakoja na piesy. Tsy mitovy amin'ny faktiora ampiasaina amin'ny bisikileta io. Tokony hilahatra ny laharan'ny rosia na faktiora na inona na inona karazan'ny kojakoja na piesy namidy.

## 7.3 Fikarakarana ny Mpanjifa

Amin'ny ankapobey dia tena mahaliana, ary manintona ny fiarahamonina manodidina ny fotoana fahatongavan'ireo bisikileta. Mety hiteraka korontana izany raha tsy nodinihina tsara ny fandaminana azy. Raha misy ny fanakorontanana dia ilaina ny mandamina ny tokony hatao, mba hiantohana ny fiarovana ireo mpiasa sy ireo mpanjifa. Azo atao ny mifampiraharaha amin'ny polisy eo an-toerana, handray an-tanana ny toe-draharaha. Atao manokana izany, rehefa manomboka ny fotoam-pivarotan'ny Orinasa.

Mba hisorohana na hampihenana ny fikorontanan'ny mpanjifa dia tsy maintsy tandrovina fatratra ny filaminana eo amin'ny faritra ampisehoana ireo bisikileta amidy. Raha vao nanapa-kevitra ny hividy bisikileta nosafidiany ny mpanjifa, ny teknisianin'ny Orinasa mivarotra bisikileta no mamindra izany bisikileta izany ho any amin'ny faritra itazonana azy, alohan'ny hanomezana azy ilay mpanjifa. Miandry ny fandoavam-bola ataon'ny mpanjifa ireo bisikileta natokana amin'izany faritra fitazonana azy ireo izany. Raha vitan'ny mpanjifa ny fandrotsaham-bola vidiny, esorina amin'ny faritra nitazonana azy ny bisikileta ary omena ilay mpanjifa.

### 7.3.1 Fitantanana ny Safidin'ny Mpanjifa

Ny kalitao tsara ananan'ny bisikileta no hanaitra ny fahalianan'ireo mpanjifa tonga ao amin'ny Orinasa. Mety hiombon-kevitra hisafidy bisikileta iray ny mpanjifa marobe. Ity toe-javatra ity dia mety ho sarotra tantanana mandritry ny varotra, ka izany no ilàna tetikady mifanaraka amin'izany mba hiatrehana ny toe-javatra toy izany.

## 7.4 Fandoavam-bola

### 7.4.1 Fanamarinana ny Fandoavam-bola

Amin'ny alàlan'ny fandrotsaham-bola amin'ny banky na Ivon-toerana mpampindram-bola madinika irery ihany, no handoavana ny vidin'ny bisikileta.

Rehefa miverina avy nandrotsa-bola ny mpanjifa, dia omeny ny mpitambola ny taratasy manamarina ny fandrotsaham-bola avy amin'ny banky na ny Ivon-toerana mpampindram-bola madinika. Tompon'antoka amin'ny fanamarinana izany antontantaratasy izany ny mpitambolan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, alohan'ny hanomanany ny faktioran'ny mpanjifa.

Ny laharana voasoratra ao amin'ny taratasy fanamarinam-pandrotsaham-bola avy amin'ny banky, dia tsy maintsy soratana ao amin'ny rejisitry ny sokajin'ny bisikileta ary koa soratana ao amin'ny rejisitra na kahie fitantanana ny kaonty (fizarana 7.2.2). Na ny trosa, na fandoavana ny ampahany ihany amin'ny vidin'ny bisikileta, dia tsy azo ekena. Ankoatr'izay, tsy ekena ny fandoavam-bola mialohan'ny varotra sy ny famandrihana mialoha, ny bisikileta.

Ny mpitambola dia tsy maintsy manamarina ihany koa ny vola naloan'ny mpanjifa, mba hahazoana antoka fa mifanaraka amin'ny voalaza ao amin'ny dika mitovy amin'ny tapakila fividianana na fandrotsaham-bola, ny ao amin'ny rejisitry ny bisikileta. Raha misy ny tsy fitovian'ny mari-bola dia tsy tokony homena ny mpanjifa ny bisikileta. Raha vao voamarina fa mitovy ny mari-bola, dia azo omanina ny faktioran'ny mpanjifa.

Raha vao mahazo ny faktiorany ny mpanjifa, dia asehony amin'ny mpitahiry entana izany mba hanaovany fanamarinana amin'izay voasoratra mahakasika ny bisikileta. Raha tomombana tsara izany dia ankatoavina ary manao sonia ny faktiora ny mpitahiry entana, alohan'ny hamerenany ilay faktiora amin'ny mpanjifa. Azon'ny mpanjifa alaina ny bisikiletany aorian'izany.

### 7.4.2 Kahie sorabola miditra sy mivoaka Isanandro

Tena zava-dehibe ny firaketana an-tsoratra ny varotra bisikileta, mba hanaovana fanjohiana sy fanarahamaso ny tahiry sisa tavela. Tokony hitazona kahie miarakitra ny sorabola miditra sy mivoaka isanandro, izay tantanan'ny mpitambola sy mpitahiry vola ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Tokony ho raketina ao anatin'ny kahien'ny sorabola isanandro ny fivezivezen'ny vola miditra sy mivoaka ao amin'ny kaonty any amin'ny banky an'ny Orinasan'ny kaoperativa mivarotra bisikileta, ka tafiditra amin'izany ny fivarotana bisikileta, ny kojakoja na piesy, ny fanamboarana, ny fanafaran'entana, ny karama, ny fizaràna tombontsoa, ary ny fandaniana mifandraika amin'ny fitantanana sy ny fampihodinana ny Orinasa. Ny fitambaran'ny vola miditra sy ny vola mivoaka dia tokony hosoratana ao amin'ny kahien'ny sorabola miditra sy mivoaka isanandro. Ampiarahana amin'izany kahien'ny sorabola izany ny faktiora, ny rosia na tapakila mifanaraka amin'ny vola miditra sy mivoaka. Tsy maintsy misy laharana mifampitohy ny pejy tsirairay amin'ny kahien'ny sorabola miditra sy mivoaka ary misy sonian'ny filohan'ny Filankevi-Pitantanan'ny kaoperativa.

Ny fitahirizana ny kahien'ny sorabola miditra sy mivoaka andavanandro dia tena ilaina rehefa misy ny fanamarinana ny fitantanana ny Orinasa, mba hahitàna soritra sy hanamarinana ny fifanakalozana ara-bola rehetra.

Amin'ny fotoana voatondro, indrindra indrindra amin'ny faran'ny volana, ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tokony ho afaka manolotra ny isan'ny bisikileta sy ny kojakoja na piesy izay mbola ao amin'ny fitahirizan'entany, ary manome ny fifandanjana na fahamarinan'ny vokatr'izany fanisàna izany ho an'ny mpikambana ao amin'ny kaoperativa sy ny Filankevi-Pitantanana. Izay mahakasika ny ara-bola rehetra dia andraikitra manokan'ny mpitahiry vola, saingy zava-dehibe ny fandraisan'anjaran'ny mpiasan'ny Orinasa rehetra amin'ny antontantaratasy, ary hampifanaraka ny fitantana ny kaonty amin'ny toe-bolan'ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Tsy maintsy soratan'ny mpitahiry vola ao amin'ny kahien'ny sorabola miditra sy mivoaka isanandro ny hetsika ara-bola rehetra. Izany dia tokony hahitàna ny fifanakalozana ara-bola rehetra eo amin'ny fidirana sy fivoaham-bola natao teo anivon'ny banky, ny hetsika ara-bola rehetra voarakitra ao amin'ny kahien'ny sorabola na amin'ny tahirin-kevitra hafa, ny famantarana ny fifanakalozana mifandraika amin'ny Tetibola na tsy Tetibola, toy ny isan'ireo bisikileta voaray, ny famoaham-bola ary ny fampahalalana fanampiny na hafa mifandraika amin'izany.

Ny mpitahiry volan'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia tsy maintsy araha-mason'ny mpanamarim-bolan'ny kaoperativa ara-potoana, mba hahazoana antoka fa notontosainy araky ny tokony ho izy ny asany.

## 7.5 Fanarahamaso ny Bisikileta lafo

Ny laharan'ny bisikileta lafo, dia marihana ao amin'ny fisy milaza izany, izay iandraketan'ny mpitahiry entana isaky ny avy nanao sonia ny faktioran'ny mpanjifa izy. Ity fitaovana ity no hanampy amin'ny famaritana ny laharan'ny bisikileta lafo, ary koa ny laharan'ny bisikileta mbola tavela isaky ny sokajy tsirairay. Ny fisy fanamarihana ny bisikileta lafo, dia tokony hiavaka isaky ny sokajin'ny bisikileta, izay manana ny loko mifanaraka amin'izany, izay nampiasaina nandritry ny fanasokajiana ny bisikileta. Ity fomba fanao ity no manamora ny fanarahamaso ny isan'ny bisikileta lafo isaky ny mivarotra.

Ny mpitantana ny varotra no tomponandraikitra amin'ny fandraketana ny laharana sy ny datin'ny faktioran'ny mpanjifa tsirairay, ao amin'ny rejisitry ny bisikileta, arakaraky ny laharan'ny bisikileta lafo. Tokony hisy ny fanisàna ny bisikileta isaky ny faran'ny volana. Rehefa manao fanisàna ny bisikileta, ny isan'ireo bisikileta sisa tavela ao amin'ny fitahirizan'entana, dia tokony ampitahaina, ary mifanaraka izay voarakitra ao amin'ny rejistry ny bisikileta, ireo fisy tahiry ary fisy fanamarihana ny bisikileta lafo.

## 7.6 Tatitra

Isaky ny faran'ny volana, ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta, izay ampian'ny mpitahiry vola, dia tsy maintsy mandefa tatitra amin'ny Filankevi-Pitantanana sy izay mpiaramiombonantoka aminy. Tokony hameno ny maodely fanaovana tatitra isam-bolana ireo tomponandraikitry ny Orinasa (jereo ny Tovana XII) ary avy eo dia fenoiny ny tatitra mitantara amin'ny antsipirihany, ireo asa natao tamin'ny volana lasa, ka tafiditra ao amin'izany ny mahakasika ny ara-bola.

Ny tatitra mitantara amin'ny antsipirihany ireo asa natao, dia tokony hilaza raha tratra ny tanjona isam-bolana izay voafaritra ao anatin'ny drafitrasa, ka raha tsy tratra izany, dia tokony hahitàna fanazavàna momba ny antony tsy nahatratrarana ny tanjona nofaritana mialoha, izany tatitra izany.
Ny angombaovao hita nandritry ny fanisàna ireo entana, dia tokony hampidirina ao amin'ny tatitra mitantara amin'ny antsipirihany ihany koa. Ny mpanaramaso ny Orinasa sy ny filoha na ny mpitahiry volan'ny Filankevi-Pitantanana no tokony hanao sonia ny tatitra, mba ho porofon'ny fanekeny izany.

# 8. FITANTANAM-BOLAN'NY ORINASA MIVAROTRA BISIKILETA

## 8.1 Ny faritry ny Taona Ara-bola

Ny faritry ny Taona ara-bolan'ny Orinasa mivarotra bisikileta dia faritana mandritry ny fivorian'ny Filankevi-Pitantanana, araka ny fiantombohan'ny asan'ny Orinasa. Raha ny tantara no jerena, dia nisafidy ny volana janoary hatramin'ny volana desambra ho toy ny Taona ara-bolany ny Orinasa, hisorohana ny fikorontanana. Amin'ny faran'ny Taona ara-bola, zaraina amin'ireo mpikambana ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta izay efa nahavita ny adidiny ara-bola izay tombontsoa azo nandritry ny taona. Ny tombontsoa, dia mifototra amin'ny tombom-barotra azon'ny Orinasa mivarotra bisikileta nandritra ny taom-piasàna teo aloha, izay voalaza ao amin'ny fizarana 8.3.

## 8.2 Tetibola

Ny kahien'ny sorabola miditra sy mivoaka isanandro, dia manome sary momba ny toe-bolan'ny Orinasa ankehitriny, ampitahaina amin'ny Tetibola novolavolaina. Ny mpitahiry vola no manao ny fampitahàna mba hahitàna izay ilàna fanitsiana amin'ny Tetibola. Ny fanitsiana ny Tetibola sy ny vola mivoaka, ambonin'izay voalaza, dia tokony ankatoavon'ny komity mpanorina na ny Fivoriambe miaraka amin'ireo antony mari-pototra, vao azo atao, arak'izay voalazan'ny andininy ao amin'ny fitsipika anatiny na ny lalàna satan'ny kaoperativa.

## 8.3 Fizaràna Tombontsoa

Ny tombom-barotra azon'ny Orinasa mivarotra bisikileta amin'ny faran'ny taona ara-bola dia tsy maintsy voarakitra an-tsoratra tsara. Ny ambim-bava mandritry ny Taona ara-bola dia zaraina ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Orinasa, arakaraky ny taha izay voalaza ao amin'ny lalàna sata, sy izay tahiry an-tsoratra vita sonia niaraka tamin'ny kaoperativa, mampatsiaro izany.

Amin'ireo tombom-barotra feno, 50% no tokony tazonina ho tahiry fiandry, ny ampahany 10% amin'izany dia atokana ho tahiry ara-dalàna ary ny 40% dia atao tahiry arak'izay voalazan'ny lalàna sata. Ny tahiry araky ny lalàna sata dia azo ampiasaina hanonerana ny fandaniana tsy ampoizina, izay miseho mandritry ny fampihodinana ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny fampiasana an'io vola io, dia tokony horesahana sy ankatoavin'ny maro an'isa, mandritry ny Fivoriambe ataon'ny mpikambana rehetra.

Ny 50% ambiny amin'ny tombom-barotra no zaraina amin'ireo mpikambana misitraka izany. Misy anjara nifanarahana tamin'ny Fivoriambe, natrehan'ny Komitin'ny Fahasalamana (COSAN) sy ny Fifampitsimbinana Ho Salama (FHS), izay hatokana ho an'ny Mpanentana ara-pahasalamàna (AC) izay notsirihan'ny Fandaharanasa Mahefa Miaraka, sy ny komity mpitantana ny rafitra Fifampitsimbinana Ho Salama eo amin'ny toerana na faritra misy ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Ny taha amin'ny ankapobeny dia 5% amin'ny tombom-barotra isaky ny vondrona misitraka izany tombontsoa izany araky ny fifanaraham-piaraha-miasa nosoniavin'ny Orinasa sy ny Fandaharanasa Mahefa Miaraka. Izany dia fandraisana anjara lehibe ataon'ny Orinasa mivarotra bisikileta, ho an'ireo mpisehatra an-tsitrapo sy ny rafitra Fifampitsimbinana Ho Salama mba ho fankaherezana sy famporisihana azy ireo hanohy sy hanatsara ny fahasalamana anivon'ny fiarahamonina. Ny 40% ambiny amin'ny tombom-barotra, dia zaraina mitovy amin'ireo mpikambana ao amin'ny kaoperativa. Ireo mpikambana izay niharan'ny sazy amin'ny fotoana fizarana tombontsoa dia tsy afaka misitraka izany.

Raha misy ny fatiantoka nandritry ny taom-piasàna, dia tsy misy fizarana tombontsoa azo atao.

## 8.4 Tahirim-bola fiandry

Zava-dehibe ny hananan'ny kaoperativa vola ho an'ny fandaniam-bola tsy ampoizina mety hitranga mandritry ny taona. Tolo-kevitra ny hihazonana 15% amin'ny totalin'ny fandaniam-bola mandritry ny taona, ho tahirim-bola fiandry amin’ny fandaniam-bola tsy ampoizina. Ity tahirim-bola fiandry ity, dia tokony hampidirina rehefa mandrafitra ny Tetibola isan-taona.

## 8.5 Fahamarinan-toeran’ny fandraharahàna sy Fampaharetana ny Orinasa mivarotra bisikileta

Raha vao mahatsapa ny mpanaramaso sy ny mpitantana ny varotra ao amin'ny Orinasa mivarotra bisikileta, fa mihena ny isan’ny bisikileta lafo amin’ny fotoana fivarotana, dia tokony hamakafaka ny antony mahatonga ny fihenan'izany varotra izany izy ireo. Antony maromaro no mety mandray anjara amin'izany fidinan’ny varotra izany, ka tafiditra ao anatin'izany, ny fitobahan’ny bisikileta ka maha fefika ny tsena eo an-toerana, na ihany koa ny fidinan’ny fahefa-mividin’ny mponina.

Ny fisian’ny elanelana, izay mahalana eo amin’ny fanafarana bisikileta, no mety mampiakatra ny faniriana mafy eo amin’ny mpanjifa, hividy bisikileta. Ny elanelana somary lava amin’ny fanafarana, no ahafahan'ny mpanjifa manangom-bola hividianana bisikileta, na misy toe-javatra miova mandritra izany izay ahazoam-bola ilaina amin’ny fividianana bisikileta. Ny fampihenana ny Tetibola mampihodina ny Orinasa, tahaky ny fampihenàna ny isan’ny mpiasa miasa, amin’ny alalan’ny fifandimbiasana, no mitazona ny fahamarinan-toeran’ny fandraharahan’ny Orinasa, noho ny fidinan’ny vola aloa amin’ny karaman’ny mpiasan’ny Orinasa.
Mety mila mitady toeram-pivarotana hafa, ivelan’ny toerana misy azy, ny Orinasa mba hamarotany ny bisikiletany. Mitaky haivarotra fanampiny izany.

Maro ny hetsika hafa azo atao tsirairay, mba hanohanana ny fitohizan'ny fahamarinan-toeran’ny fandraharahan’ny Orinasa mivarotra bisikileta. Ny Orinasa mivarotra bisikileta dia afaka manapa-kevitra hanao varotra hafa. Raha mandray fanapahan-kevitra ny Orinasa fa hanao izany, dia tokony tazonina ny fombafomba sy ny fitsipika mifandraika amin'ny fanaovana varotra, izay efa nampiharina, ao anatin'izany ny fandoavam-bola amin'ny alalan’ny banky ihany (jereo ny 8.5.1).

### 8.5.1 Asa Mampidi-bola hafa

Ny Orina dia manana ihany koa fotoana azo araraotina ahafahana mampiroborobo asa fitadiavam-bola hafa, mba hahazoana antoka fa maharitra ny Orinasa. Ny fanatanterahana ny asa mampidi-bola hafa, dia tokony hitranga amin'ny fotoana izay maha vitsy ny varotra bisikileta izay mahatonga ny mpiasa hanam-potoana, mba hahafahany mitantana izany asa fitadiavam-bola fanampiny izany.

Tokony hisy ny fitandremana ny amin'ny fampiasam-bola fanampiny ilaina amin'ny fanatanterahana ireo asa mampidi-bola fanampiny. Ny fampiasam-bola amin’izany asa mampidi-bola fanampiny izany dia tsy tokony alaina ao amin'ny tahirin’ny Orinasa, fa tokony amin’ny vola ambim-bava no hakàna azy.

Ny fampiasam-bola goavan’ny Orinasa, toy ny fividianana toerana ahazoana miasa maharitra dia tokony hanaovana fanadihadiana. Ny fampiasam-bola amin'ny fananana, dia misoroka ny fanofàna

maharitra, ary mampitombo ny fananan'ny Orinasa mivarotra bisikileta. Azo ampanofaina amin'ny olona ivelany, ny trano, raha azo antoka tsara ny fiarovana ny toerana misy ny Orinasa mivarotra bisikileta.

Tokony hokarohina tsirairay avy, ny tranga rehetra, azo araraotina hampiasam-bola, mba hahafantarana izay filàna, sy izay fandraisana andraikitra tokony hatao, toy ny fanampiana fitaovana, ny fahafaha-manao ara-bola, ny fahaiza-manao ara-teknika ary koa ny olona ilaina izay tokony homena lanja amin'izany.

Tokony hifanarahana amin'ny Fivoriamben'ny mpikamabana ao amin'ny kaoperativa ny fampiasam-bola amin'ny seha-pihariana hafa azo araraotina. Ny fanitarana ny asa mampidi-bola dia mitaky fanovàna ny lalàna satan'ny kaoperativa. Amin'ny tranga sasany, izany fanovàna lalàna sata izany, dia mila fahazoan-dàlana momba izany, ny Orinasa mivarotra bisikileta.

*Mahefa Miaraka dia mirary soa sy fahombiazana ary famirapiratana, ho an'ny kaoperativan'ny Orinasa mivarotra bisikileta rehetra, na amin'izao fotoana na amin'ny ho avy.*

**Tovana I: Fisy tahiry – Bisikileta sy Kojakoja na piesy**

### 1. FISY TAHIRY BISIKILETA

Volana sy taona :

Sokajy (A/B/C) :

Mpamatsy:

| DATY | TAHIRY | NIVOAKA | AMBINY | SISA AFINDRA |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

Ny Mpitahiry entana                                                    Ny Mpanaramaso ny Orinasa

### 2. FISY TAHIRY KOJAKOJA NA PIESY

Volana sy taona :

Karazany :

Mpamatsy :

| DATY | TAHIRY | NIVOAKA | AMBINY | SISA AFINDRA |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |

Ny Mpitahiry entana                                                    Ny Mpanaramaso ny Orinasa

## Tovana II.1: Fisy Fanamboarana sy Famerenana Bisikileta

### I. Fisy fanamboarana bisikileta

| | |
|---|---|
| Daty | |
| Laharan'ny bisikileta | |
| Habeny | |
| Lokony | |
| Laharam-pamantarana azy | |

| | |
|---|---|
| Laharan'ny fisy fanamboarana | |
| Daty nahavitan'ny fanamboarana | |

| | |
|---|---|
| Sokajy aorian'ny fanamboarana : A/B/C | |

| |
|---|
| Anarana sy sonian'ny Teknisianina |
| |
| Anarana sy sonian'ny Mpitahiry entana |
| |
| Anarana sy sonian'ny Mpanaramason'ny Orinasa |
| |

| Kojakoja | Piesy | Misy (1) naTsia(0) | Teknisianina nanao ny fizahàna | Fanamarihana | Fanamboarana | Piesy ilaina | Isa | Pisy naverina amin'ny fitahirizan'entana | Isan'ny piesy nomena | Vidin'ny piesy nampiasaina | Anaran'ny teknisianina |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| FAMILIANA "DIRECTION" | "Guidon" sy "potence" | | | | | | | | | | |
| | "Cadre" sy "fourche" | | | | | | | | | | |
| | Lasely "Selle" | | | | | | | | | | |
| "TRANSMISSION" | "Manivelle" | | | | | | | | | | |
| | "Pédale" | | | | | | | | | | |
| | "Plateau" | | | | | | | | | | |
| | "Chaine" | | | | | | | | | | |
| | "Dérailleur, pignon" | | | | | | | | | | |
| | Manety vitesy | | | | | | | | | | |
| | « Câble » sy « gaine » vitesy | | | | | | | | | | |
| KODIARANA "ROUE" | "Jante" | | | | | | | | | | |
| | "Pneu" | | | | | | | | | | |
| HISATRA "FREIN" | Manety hisatra havia sy havanana | | | | | | | | | | |
| | "Câble" sy "gaine" | | | | | | | | | | |
| | Etrier aloha sy afara | | | | | | | | | | |
| | Patin aloha sy afara | | | | | | | | | | |

## II.2 FISY FAMERENANA BISIKILETA

| | |
|---|---|
| Daty | |
| Laharan'ny bisikileta | |
| Habeny | |
| Lokony | |
| Laharam-pamantarana azy | |

| Mpitahiry entana "magasinier | Teknisianina |
|---|---|
| | |

| | |
|---|---|
| Laharan'ny fisy fanamboarana | |

| | | | Daty fanamboarana voalohany | | Daty fanamboarana faharoa | | Daty fanamboarana fahatelo | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **KOJAKOJA** | **Piesy** | **Teknisianina** | **Tsy vita** | **Fanamarihana** | **Tsy vita** | **Fanamarihana** | **Tsy vita** | **Fanamarihana** |
| FAMILIANA "DIRECTION" | "Guidon" sy "potence" | | | | | | | |
| | "Cadre" sy "fourche" | | | | | | | |
| | Lasely "Selle" | | | | | | | |
| "TRANSMISSION" | "Manivelle" | | | | | | | |
| | "Pédale" | | | | | | | |
| | "Plateau" | | | | | | | |
| | "Chaine" | | | | | | | |
| | "Dérailleur, pignon" | | | | | | | |
| | Manety vitesy | | | | | | | |
| | « Câble » sy « gaine » vitesy | | | | | | | |
| KODIARANA "ROUE" | "Jante" | | | | | | | |
| | "Pneu" | | | | | | | |
| HISATRA "FREIN" | Manety hisatra havia sy havanana | | | | | | | |
| | "Câble" sy "gaine" | | | | | | | |
| | Etrier aloha sy afara | | | | | | | |
| | Patin aloha sy afara | | | | | | | |
| | Anarana sy sonian'ny teknisianina | | | | | | | |
| | Anarana sy sonian'ny mpitahiry entana « magasinier » | | | | | | | |

## Tovana III: Lalàna Satan'ny kaoperativa

1

# FITSIPIKA SATA
## KOPERATIVA

-----------------------

### TOKO I
### FEPETRA ANKAPOBENY

***Andininy voalohany***

Natsangan'ireo mpikambana mpanorina, izay manaiky ity fitsipika ity, sy ireo izay eken'ny Fivoriambe hilatsaka amin'ny manaraka ny koperativan'ny Mpisehatra ara-pahasalamana eny ifotony manana mpikambana sy renivola mety hiovaova, fehezin'ny lalàna laharana 99.004 tamin'ny 21 aprily 1999.

***And.2 - Anarana***

Ity Koperativa ity dia mitondra ny anarana hoe: KAOPERATIVAN'NY MPISEHATRA ARA-PAHASALAMANA ENY IFOTONY "BEMANONGA MANDROSO". . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . . , afohezina hoe . . . K.A.M.P.I. "BEMANONGA MANDROSO"

***And.3 - Foiben-toerana sy faritra iasana***

- Ny Foiben-toerana dia miorina ao : BEMANONGA
- Ny faritra iasàna dia manerana ny . . . . .MENABE

***And-4 - Faharetany***

Noferana ho...50..taona no faharetan'ny koperativa KAMPI BEMANONGA MANDROSO, raha tsy misy ny fanafoanana mialoha na fanalavana araka ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

***And-5 – Asa ataony***

Ity koperativa KAMPI BEMANONGA MANDROSO dia mametraka ho asa lehibe ho tanterahina ny:

a) Fitadiavana vola entina manatsara ny farim-piainan'ny Mpisehatra ara-pahasalamana eny ifotony miasa an-tsitrapo ho fampandrosoana ny asan'izireo amin'ny fanatsarana ny fahasalamana : fivarotana sy fikojakojàna bicyclette ary sehatr'asa hafa izay tapaky ny fivoriambe

b) Fanampiana sy fampiroboroboana ireo Fikambanana mijoro toy ny Fifampitsimbinana Ho Salama ( FHS) sy ny Fitaterana Vonjy Taitra

d)fitsinjovana sy fampandrosoana maharitra ny ara-tsosialy sy toekarena eny amin'ny kaominina hijoroany

Ny asan'ny koperativa dia azon'ny Fivoriambe tsy ara-potoana hovana, nefa dia tsy azo kasihina ny maha-koperativa fehezin'ny lalàna manan-kery azy.

### TOKO II
### NY AMIN'NY MPIKAMBANA

***And-6 - Filatsahana***

Ireo izay mizaka ny zom-pirenena malagasy feno 18 taona ary Mpisehatra ara-pahasalamana eny ifotony miasa an-tsitrapo, amperin'asa, dia azo raisina ho mpikambana rehefa mahafeno ireto fepetra ireto:

a) Manao ho anton-draharaha na manana tombontsoa ao amin'ny zava-kendren'ny koperativa

b) Mahafantatra sy manaiky hofehezin'ireo fitsipika mifehy ny fikambanana

1

d) Manao fangatahana filatsahana
e) Mahazo fankatoavan'ny Fivoriambe
f) Mandrotsaka ny anjara biriky nifanarahana
g) Tsy mbola mpikambana amin'ny koperativa hafa mitovy zava-kendrena sy faritra iasana.

***And.7 – Zon'ny mpikambana***

Manana zo mitovy ny mpikambana rehetra manoloana ny:
- Firotsahana hofidina;
- Fandraisana anjara amin'ny Fivoriambe sy izay mety ho fanapahan-kevitra na fandatsaham-bato na fifidianana;
- Fandraisana izay mety ho tombontsoa omen'ny koperativa.

***And.8- Adidin'ny mpikambana***

Ho fampandrosoana ny fikambanana dia manana adidy ny mpikambana tsirairay hankato ireo fitsipika sy fandaminana ary ny fanapahan-kevitra noraisin'ireo rafitra anaty, araka izay tandrify azy.

Araka izany ny mpikambana tsirairay avy dia tsy maintsy mandray anjara amin'ny fampandrosoana ny asa sahanin'ny koperativa.

***And.9- Famaizana***

Ny fihetsika rehetra mety hanimba na hiteraka fahavoazana ho an'ny kaoperativa, dia ho saziana avokoa; ny sazy dia miantomboka amin'ny fananarana ka mety hiafara amin'ny fandroahana na ny fanolorana ny raharaha eo amin'ny fitsarana arakaraka ny fahasarotany. Ny fitsipika anatiny no hamaripatra ny fomba fampiharana ny famaizana.

***And.10 - Fitsaharana tsy ho mpikambana***

Ny mpikambana rehetra maniry ny hiala dia manao filazana an-tsoratra amin'ny filohan'ny koperativa izay hanome taratasy fanamarinam-pandraisana ary entiny eo anatrehan'ny Fivoriambe hanomezana fankatoavana na fandavana.

Ny Filankevi-pitantanana dia afaka mandroaka vonjimaika ny mpikambana iray na maromaro mandra-piandry ny Fivoriambe manaraka izay handray ny fanapahan-kevitra farany.

Ireo izay mitsahatra tsy ho mpikambana, dia manan-jo hitaky ny anjara biriky narotsany. Homena fahafaham-po izy ireo raha toa ka tsy mampihena ny renivola ho latsaky ny antsasany izany. Raha toa ka mampihena ny renivola ho latsaky ny antsasany izany dia mihantona ny fanonerana ny anjara biriky. Marihina fa ny famerenana ny anjara biriky dia tsy azo atao raha tsy amin'ny fifaranan'ny taom-piasàna ihany.

Ny fitsaharana tsy ho mpikambana, dia tsy mahafoana ny andraikitra ara-bola tokony ho zakain'ny miala na nesorina, andraikitra nateraky ny fifanarahana nataon'ny vondrona koperativa nandritra ny fotoana mbola naha-mpikambana ireo nitsahatra. Io andraikitra ara-bola io anefa dia tsy tokony hihoatra ny in-dimin'ny anjara vola izay narotsaka.

**TOKO III**
**RENIVOLAM-PIKAMBANANA**

***And.11- Renivola (capital)***

Ny fitambaran'ny anjara biriky voarotsaka no mamorona ny renivolam-pikambanana voalohany ho: 500.000 ar (dimy hetsy ariary)

Ny renivola dia mety hiovaova noho ny :
- filatsahan'ny mpikambana vaovao
- fandatsahana anjara vaovao





- fampitomboana ny anjara biriky iray
- fialana na fitsaharana miteraka famerenana ny anjara vola.

***And.12- Anjara biriky (part social)***

Ny Fivoriambem-panorenana dia mametra ny anjara biriky tsy maintsy efaina ho 5.000 ar ny iray. Ny mpikambana tsirairay dia mandrotsaka anjara biriky iray ary tsy afaka mitazona anjara biriky afa tsy iray ihany.

Ny anjara biriky dia misoratra amin'izay nandrotsaka azy ary tsy azo hafindra izany . Ny tombontsoa kosa dia azo afindra amin'ny alalan'ny fandovana irery ihany.

***And.13- Ny loharanom-bolan'ny Koperativa***

Toy izao avy ny loharanom-bolan'ny Koperativa:
- ny saram-pirotsahana
- ny anjara renivola
- ny fisamborana atao
- ny vokatra avy amin'ny asan'ny Koperativa
- ny fanomezana fiasana na fitaovana
- ny loharanom-bola rehetra tsy mifanohitra amin'ny zava-kendrena sy ny fototra ijoroan'ny Koperativa.

**TOKO IV**
**RAFI-PITANTANANA**

***And.14- Ny rantsa-mangaikan'ny Koperativa***

Ireto avy no rafitra anaty ao amin'ny koperativa :
- Ny Fivoriambe
- Ny filankevi-pitantanana.

***And.15- Ny Fivoriambe***

Ny Fivoriambe no rafitra fara-tampony amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ho an'ny koperativa. Izy no fivorian'ny mpikambana rehetra mahafeno ireo fepetran'ny koperativa ary voasoratra ara-dalàna ao amin'ny bokin'ny mpikambana.

Mivory ara-potoana sy tsy ara-potoana ny Fivoriambe.

***An..16- Ny andraikitry ny Fivoriambe***

Ny fivoriambe ara-potoana dia mandray fanapahan-kevitra mikasika ny sori-dalana sy ny fandaminana ankapobeny ary ny fomba fiasan'ny koperativa.

Ankoatr'izany dia andrakitry ny fivoriambe ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:
- Fandaniana ny fitsipka anaty ;
- Fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanana sy izay ho filohany amin'ny alalan'ny latsam-bato-miafina.
- Famerana ny tambin'asa ho an'ny Filankevi-pitantanana
- Fanekena na fandroahana mpikambana ;
- Fankatoavana ny vinavinan'asa kasaina hotanterahina mandritry ny taona vaovao sy mametra ny vola ho enti-manana izany;
- Fankatoavana ny kaontim-pitantanana.
- fifidianana mpanamari-kaonty avy ao amin'ny mpikambana
- fankatoavana ny fepetra arahana momban'ny fampidirana sy fikarakarana ny mpiasa ao amin'ny kaoperativa

Ireo fepetra ireo dia tsy famerana akory fa fanondroana fotsiny ihany.

***And.17 - Fepetra ho an'ny Fivoriambe***

Mivory indroa isan-taona fara-faharatsiny ny fivoriambe ara-potoana araka ny fiantsoan'ny filoha.

Azon'ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana na ny 1/3-n'ny mpikambana amin'ny koperativa atao ny mangataka fivoriambe. Afaka manapa-kevitra ny fivoriambe rehefa mahafeno ny antsasaky ny mpikambana voasoratra anarana no tonga manatrika.

Ny mpikambana tsirairay dia afaka manome fahefana (procuration) mpikambana iray hisolo-tena azy mandritra ny fotoam-pivoriana. Marihina fa ny mpikambana iray dia tsy afaka mitondra afa-tsy fanomezam-pahefana iray ihany.

Manankery ny fanapahan-kevitra rehefa ny antsasa-manilan'ny manatrika no mandany azy. Tazonina an-tsoratra ny fanapahan-kevitry ny Fivoriambe ara-potoana ka soniavin'ny Filoha sy ny Mpitantsoratra. Raiketina ao amin'ny rezisitra manokana ny fitanana an-tsoratra ny Fivoriambe

***And.18 - Fivoriambe ara-potoana***

Ny Fivoriambe ara-potoana voalohany amin'ny taona, dia hantsoina ao anatin'ny TELO VOLANA manaraka ny fiafaran'ny taom-piasàna. Mandritra izany fivoriana izany no hanaovan'ny Filankevi-pitantanana ny tatitra mikasika:

- ny fizotry ny asa nandritra ny taona
- ny fitantanana (ara-bola) sy ny fankatoavana ny kaontin'ny koperativa (quitus).

***And.19 - Fiantsoam-pivoriana***

Ny fiantsoana ny Fivoriambe iraiketan'ny fandaharam-potoana, dia zaraina isam-batan'olona (mpikambana ) folo andro alohan'ny andro voatondro hivoriana.

Ny fiantsoana faharoa raha tsy feno ny isa tsy maintsy tratrarina amin'ny voalohany dia atao folo andro ao aoriana, ka afaka manapa-kevitra na firy na firy mpikambana tonga.

Raha misy tsy fahafahan'ny Filoha manao ny fiantsoana ny fivoriambe dia azon'ny Filan-kevi-pitantanana atao ny manendry mpikambana iray ao aminy hanatanteraka izany fiantsoana izany.

***An.20- Ny Fivoriambe tsy ara-potoana***

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana dia antsoina manokana mikasika ny :

- fanamboarana ny fitsipika sata (statuts)
- fitambarana amin'ny koperativa hafa
- fivakisan'ny koperativa
- fanalavana ny fe-potoana iasany
- fandravana (dissolution).
- fakàna fanapahan-kevitra maika araka ny filàna izany

***An.21 - Fepetra momba ny Fivoriambe tsy ara-potoana***

Ny fepetra rehetra mikasika ny fiantsoana dia araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-18

Marihina anefa fa tsy manapa-kevitra ny fivoriambe tsy ara-potoana raha tsy ny 2/3 ny mpikambana voasoratra anarana no tonga manatrika amin'ny fiantsoana voalohany. Ny fiantsoam-pivoriana dia manaraka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-19.

***And.22 - Ny Filankevi-pitantanana***

Ferana ho valo (8) ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana, ka toy izao avy no andraikiny:





- Filoha
- Filoha lefitra
- Mpitantsoratra sy mpitantsoratra mpanampy
- Mpitahiry vola sy mpitahiry vola mpanampy
- Mpanolotsaina roa (2).

Ny telo (3) amin'ny mambra ny filankevi-pitantanana dia tsy maintsy vehivavy.

***And.23 - Fepetra momba ny Filankevi-pitantanana***

Ny faharetan'ny fotoana iasan'ny Filankevi-pitantanana dia ferana ho .02. taona, mbola afaka milatsaka ho fidina anefa ny tsirairay amin'izy ireo mandritry ny fifidianana manaraka. Satria mpitondra izy ireo dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra ireto :

- olom-pirenena malagasy
- manana zo isam-batan'olona eo anatrehan'ny Fanjakana, feno 21 taona
- tsy mbola voan'ny sazy manala zo ahazoana mitondra fikambanana.
- mahay mamaky teny sy manoratra tsara

Ankoatr'izany dia tsy azo fidina ireto manaraka ireto :

- mpikambana nanao fanekena mikasika asa na raharaha hifanaovana amin'ny koperativa
- tompon'andrikaitra voalohany amin'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana.

Ny fivoriambe dia afaka mandroaka ny iray na maromaro amin'ireo mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana amin'ny alalan'ny latsabato miafina, ka ny antsasa-manilan'ny mpivory no manaiky vao manankery ny fandroahana.

***And.24 - Ny andraikitry ny Filankevi-pitantanana***

Ny Filankevi-pitantanana no rafi-pitondrana ny koperativa. Noho izany, dia manana fahefana faran'izay malalaka izy ireo amin'ny fanatanterahana ny andraikiny indrindra mikasika ny :

- fitantanana ny raharahan'ny kaoperativa araka izay notapahan'ny Fivoriambe;
- fanapahana vonjimaika ny fandraisana na fandroahana mpikambana mandra-pivorian'ny Fivoriambe manaraka ;
- fampiharana ny sazy izay voalazan'ireo fitsipika ifampifehezana;
- fitantanana ireo mpiasan'ny koperativa ;
- famolavolana isan-taona ny teti-bola sy drafitr'asa izay aroso ho ankatoavin'ny Fivoriambe;
- fanolorana eo anatrehan'ny Fivoriambe ny tatitry ny asa natao sy ny ara-bola
- famolavolana ny fitsipika anaty izay aroso ankatoavin'ny Fivoriambe ;
- fisoloantenan'ny koperativa eo anatrehan'ny Fanjakana sy fikambanana na olon-kafa ifampiraharahana.

***An.25 - Fepetra samihafa momba ny Filankevi-pitantanana***

Mivory ny Filankevi-pitantanana isaky ny mitaky izany ny tombontsoan'ny koperativa ary fara-faharatsiny isam-bolana araka ny fiantsoan'ny Filoha. Afaka manapa-kevitra ny mpivory rehefa tonga ny 2/3 ny mpikambana.

Raha tsy ampy isa ny Filankevi-pitantanana noho ny antony maro samihafa, dia azon'ny sisa atao ny mameno vonjimaika ny toerana banga. Izay voatendry anefa dia tsy maintsy ankatoavin'ny Fivoriambe manaraka, ary manapitra ny fe-potoana izay nosoloina raha nahazo fankatoavana.

***And.26 - Fankatoavana ny kaontim-pitantanana***

Ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana, dia tsy afaka mandray anjara amin'ny fankatoavana, ny kaontim-pitantanan'ny koperativa mandritra ny Fivoriambe natokana handinika sy handray fanapahan-kevitra mikasika izany.

**_And.27 - Tsy handraisan-karama ny asan'ny Filankevim-pitantanana_**

Tsy handraisan-karama ny asan'ny Filankevi-pitantanana. Azon'ny mpikambana ao aminy atao ny mandray tambiny isaky ny fanatrehana fivoriana araka ny efa voasoritra ao amin'ny teti-bola nankatoavin'ny Fivoriambe ary nohamarinina tamin'ny fiche de présence.

Ankoatr'izany dia azon'izy ireo atao ny mampanonitra ny vola laniny tamin'ny fanaovana ny asan'ny koperativa na koa mangataka tambin'asa noho ny fotoana laniny tamin'izany, nefa tsy mihoatra ny vola natokan'ny Fivoriambe ho amin'izany araka izay voasoritra ao amin'ny teti-bola..

## TOKO V
## KAONTIM-PITANTANANA - FANARAHA-MASO

**_And.28 - Faharetan'ny taom-piasana_**

Herintaona no faharetan'ny taom-piasana iray, izany dia manomboka ny voalohan'ny volana janoary ary miafara ny 31 Desambra.

**_And.29 - Kaontim-pitantanana_**

Ny fitantanana ny kaontin'ny koperativa dia natao amin'ny fomba namoraina. Isaky ny fiafaran'ny taom-piasana sy ny fivoriana ara-potoana rehetra anefa ny Filankevi-pitantanana dia tsy maintsy mamoaka antontan-taratasy mikasika ny :

- fanisam-pananana
- kaontin'asa ankapobeny
- kaontin'ny tombontsoa sy ny fatiantoka.

Ankoatr'ireo antontan-taratasy voalaza ireo, ny Filankevim-pitantanana dia mbola mandroso ihany koa eo amin'ny Fivoriambe ny tetikasa sy tetibola ho amin'ny taona manaraka isaky ny fivoriana voalohany ny taona itsahana.

**_And.30 - Ny Vaomiera mpanara-maso_**

Ny Fivoriambe dia afaka manendry mpikambana iray na maromaro ho mpanara-maso ny fitantanana mandritry ny herintaona azo havaozina.

Ny vaomiera mpanara-maso voafidy dia mifidy avy aminy, amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina, ny filohany, ny filoha lefiny ary ny mpampakateny.

**_And.31 - Ny asan'ny Vaomiera mpanara-maso_**

Izy ireo dia manana fahefana faran'izay malalaka mikasika ny :

- fanamarinana ny boky, ny kaonty, ny antontan-taratasim-bola ary ny volan'ny koperativa
- fijerena ny maha-ara-dalàna ny fahamarinan'ny fanisam-pananana sy ny toe-pananana ary ny tatitra hataon'ny Filankevi-pitatanana.

Ny vaomiera mpanara-maso ny fitantanana dia tsy maintsy manao tatitra eo anatrehan'ny Fivorimbe vokatry ny asa fanamarinana izay nataony isaky ny fivoriambe ara-potoana.

Raha mitombo ny velaran'ny asan'ny koperativa dia azony atao ny manendry mpanamarina kaonty (commissaire aux comptes) izay mety ho olona ivelan'ny koperativa ka ny fivoriambe no manendry azy.

**_And.32 - Fananganana karazam-baomiera_**

Ny Fivoriambe dia afaka manangana karazam-baomiera iandraikitra sokajin'asa araka izay heveriny fa ilaina.

Raha mitsangana ny vaomieran'ny vola, dia izy no miandraikitra ny asan'ny mpanara-maso ny fitantanana, araka izay voalaza ao amin'ny andininy faha-31 sy 32.

Ny fitsipika anaty no hamaritra ny fomba fiasan'ny vaomiera tsirairay.





**_An.33 - Fampiasana ny ambim-bava_**

Ny atao hoe ambim-bava dia ny sisa tavela rehefa ampifanalana ny vola miditra sy ny mivoaka nandritra ny taom-piasana iray.

Toy izao no fampiasana ny ambim-bava :

- 10% tahiry ara-dalàna
- 40% enti-mamokatra fananana iombonana toy ny fanorenana, fanatevenam-pitaovam-piasana na tahiry tsotra, sns...
- 50% apetraka eo anatrehan'ny Fivoriambe amin'izay heveriny fa ampiasaina azy araka ny soso-kevitry ny Filankevi-pitantanana.

Ny 10% ny vola rehetra miditra farafahakeliny dia atokana ho an'ny asa fampiroboroboana ny asan'ireo mpisehatra ara-pahasalamana mpikambana sy ny fikambanana FHS sy fitaterana vonjy taitra.

## TOKO VI
## FEPETRA ISAN-KARAZANY

**_And.34- Fitambarana na fivakisana_**

Ny fitambarana amin'ny Koperativa iray hafa, na ny fivakisan'ny vondrona Koperativa dia tapahan'ny Fivoriambe tsy ara-potoana.

**_And.35 - Fifanolanana_**

Ny fifanolanana rehetra miseho eo amin'ny samy mpikambana ao amin'ny koperativa dia tsy maintsy mandalo fampihavanana miaraka amin'ny fanelanelanan'ny Filankevi-pitantanana alohan'ny hampiakarana ny raharaha amin'ny Fitsarana raha ilaina.

**_And.36- Fandravana ny Koperativa_**

Ny Fivoriambe tsy ara-potoana no antsoina hanapa-kevitra momba ny fandravana ny koperativa.

Raha nankatoavina ny fandravana dia manendry mpamarana ny kaonty (liquidateur) iray na maromaro ny Fivoriambe tsy ara-potoana, araka izay voalaza ao amin'ny toko VII ny didim-panjakana fampiharana.

**_And.37 - Famindram-pananana aorian'ny fandravana_**

Raha misy ambiny ny vola teo am-pamaranana kaonty ka voaloa daholo ny trosa sy voaverina ny anjara biriky dia tsinjaraina amin'ny mpikambana ny sisa tavela.

Natao teto, Bemanonga 24-Janoary 201

*Ny Mpikambana mpanorina,*

## Tovana IV: Tetibola sy Drafitrasa

| TETIBOLA TAONA 2020 KOMPIVA | | | TAONA N+1 | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| NIDITRA | Ambiny volana 12 | Volana 13 | Volana 14 | Volana 15 | Volana 16 | Volana 17 | Volana 18 | Volana 19 | Volana 20 | Volana 21 | Volana 22 | Volana 23 | Volana 24 | TOTALY |
| **Fampihodinana** | | | | | | | | | | | | | | |
| Varotra bisikileta | - | 300 000 | 0 | 0 | 22 000 000 | 35 000 000 | 5 000 000 | 12 350 000 | 450 000 | 150 000 | 320 000 | 240 000 | 150 000 | 75 960 000 |
| Fanamboarana bisikileta | - | 15 000 | 0 | 20 000 | 0 | 4 000 | 2 000 | 2 000 | 2 000 | 2 000 | 2 000 | 2 000 | 2 000 | 53 000 |
| Varotra kojakoja na piesy | - | 30 000 | 50 000 | 50 000 | 40 000 | 25 000 | 24 000 | 12 000 | 6 000 | 15 000 | 4 000 | 7 500 | 3 000 | 266 500 |
| **Fampiasam-bola** | | | | | | | | | | | | | | |
| Zanabola OTIV (3%) | - | - | - | - | - | - | | - | - | - | - | - | - | 2 288 385 |
| **Totaly niditra** | **72 746 000** | **345 000** | **50 000** | **70 000** | **22 040 000** | **35 029 000** | **5 026 000** | **12 364 000** | **458 000** | **167 000** | **326 000** | **249 500** | **155 000** | **151 313 885** |
| **DEPENSES** | | | | | | | | | | | | | | |
| **Fampihodinana** | | | | | | | | | | | | | | |
| Tambinkarama mpiasa sy CA | | 100 000 | - | 830 000 | 1 600 000 | 1 600 000 | 1 600 000 | 100 000 | 100 000 | 100 000 | 100 000 | 100 000 | 100 000 | 6 330 000 |
| Fiarovana ny toeram-pivarotana | | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 180 000 | 2 160 000 |
| JIRAMA | | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 13 000 | 156 000 |
| Hofan-trano na tany | | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 50 000 | 600 000 |
| Dokambarotra | | 120 000 | - | - | 120 000 | - | - | - | - | - | - | - | - | 240 000 |
| Serasera/Fifandraisana | | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 240 000 |
| "Photocopie" sy " impression" | | 50 000 | - | - | 50 000 | - | - | - | - | - | - | - | - | 100 000 |
| kojakoja fampiasa amin'ny birao | | 75 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 35 000 | 460 000 |
| Fanomanana varotra bisikileta | | - | - | - | 85 000 | - | - | - | - | - | 85 000 | - | - | 170 000 |
| Fanamboarana/fikojakojana | | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 20 000 | 240 000 |
| "Imprimante" | | - | - | - | - | - | 1 500 000 | - | - | - | - | - | - | 1 500 000 |
| Solosaina | | - | - | - | - | - | 1 000 000 | - | - | - | - | - | - | 1 000 000 |
| **Fampiasam-bola** | | | | | | | | | | | | | | |
| Fividianana fanaka | | 240 000 | - | 110 000 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 350 000 |
| Fividianana tany | | 500 000 | 500 000 | 500 000 | 500 000 | 500 000 | 500 000 | 500 000 | 500 000 | - | - | - | - | 4 000 000 |
| Tataonketra (TVA) famatsiana | | - | - | 11 798 690 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 11 798 690 |
| Hetra sy haban-tseranana | | - | - | 9 832 241 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 9 832 241 |
| Mpandefa/Mpampita entana | | - | - | 3 240 000 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 3 240 000 |
| Fitaterana an-tanety | | - | - | 2 500 000 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 2 500 000 |
| Sara mpamatsy sy "frais" sambo | | - | - | 33 449 126 | - | - | - | - | - | - | - | - | - | 33 449 126 |
| Tombontsoa mpikambana 40% | | - | - | - | - | - | - | - | 4 770 377 | - | - | - | - | 4 770 377 |
| FHS sy AC 10% | | - | - | - | - | - | - | - | 1 192 594 | - | - | - | - | 1 192 594 |
| Tahiry fiandry 50% tombom-barotra | | - | - | - | - | - | - | - | 5 962 972 | - | - | - | - | 5 962 972 |
| **Totaly nivoaka** | | **1 088 000** | **638 000** | **61 568 057** | **893 000** | **638 000** | **3 138 000** | **638 000** | **638 000** | **138 000** | **223 000** | **138 000** | **138 000** | **90 292 000** |
| Ianelana | | (743 000) | (588 000) | (61 498 057) | 21 147 000 | 34 391 000 | 1 888 000 | 11 726 000 | (180 000) | 29 000 | 103 000 | 111 500 | 17 000 | 61021 886 |

‘

**1) Adresse:**

Mr FREDERIC
KAMPI BEMANONGA MANDROSO MORONDAVA
Quartier Bemanonga Sud Ouest
Fokontany Bemanonga
Commune Rurale Bemanonga
District MORONDAVA 619
Région Menabe
MADAGASCAR

Contact: +261324817971
Mail : coopkampibemanonga@gmail.com

**2) For the procedure concerning GASYNET – you can use the BSC account of Bemanonga Morondava:**

- Identifiant: KAMPI BEMANONGA MANDROSO
- Numéro d'identification: « 108375 »

Président KAMPI
FREDERIC

**LISTE DES BESOINS KAMPI BEMANONGA MANDROSO**

| Nom | Nombre | Detais (si neccessaire) |
|---|---|---|
| Velo adulte cadre Alu | 410 | 28": 100 / 26": 280 / 24": 30 |
| Velo enfant cadre alu | 90 | 20": 30 / 18": 20/ 16" : 20 / 14": 10 / 12": 10 |
| Velo piste en carbone avec frein à disque et amortisseur | | parmi les 410 velos adulte (28" , 26" et 24") |

## Pièces détachées

| Nom | Nombre | Detais (si neccessaire) |
|---|---|---|
| Manette de frein/ | 74 / 74 | |
| Axes Moyeux | 114 | |
| Billes | 50 boîtes | |
| Cable de frein | 4 rouleaux | |
| Cable de vitesse | 4 rouleaux | |
| Catadioptre | 50 | |
| Chaine | 74 | |
| Selles /Tge de selle | 74 | |
| Chambres à air | 148 | 28": 30 / 26": 50 / 24": 30 / 20": 20 / 18": 20/ 16": 20 / 14": 20 / 12": 20 |
| Pompe | 2 | |
| Dérailleurs AV / AR | 74 | |
| Enveloppes | 148 | 28": 30 / 26": 50 / 24": 30 / 20": 20 / 18": 20/ 16": 20 / 14": 20 / 12": 20 |
| Etriers patin | 148 | |
| Ferulles | 10 boîtes | |
| Fixation selle | 74 | |
| Fourches | 74 | |
| Gaines | 2 cartons | |
| Jantes AV avec rayons et moyeux | | |
| Jantes AR avec rayons, moyeux et roue libre | | |
| Pédales | 148 | |
| Poutre | 74 | |
| Plateau et manivelle | 74 | |
| Portes bagages | 10 | |
| Roue libres | 74 | |
| Paniers | 9 | |

MANDROSO KAMPI BEMA... Le President FREDERIC

La tresoriere Razanamady III

**Tovana VI: Lisitry ny Mpitatitra an-tanety**

| Anran'ny mpamily/Tompony | Fifandraisana | Toerana |
|---|---|---|
| Mahefa | +261330810850 | Toamasina |
| Fidèle | +261345292938 | Toamasina |
| Telolahy | +261343975608 | Toamasina |

**Tovana VII: Lisitry ny Mpandefa/Mpampita entana**

| Anaran'ny Orinasa | Fifandraisana | Adiresy/Toerana |
|---|---|---|
| ARIVA Logistics | +261343700395 | Lot 039E Bis, rihana faharoa Ambohimaro Ambohibao Antananarivo |
| AUXIMAD | +261202222502 | 18, Lalana J.J. Rabearivelo Antsahavola Antananarivo |
| FTL | +261202354800<br>+261320723212 | Golden Business Center, Morarano Alarobia 101 Antananarivo |
| Galaxam Logistics | +261202269707 | Ankadimbahoaka Tanjombato Antananarivo |
| ATI Madagascar | +261202229459 | IB6, 5 Lalana Raveloary Isoraka Antananarivo |

**Tovana VIII: Faktiora fanamboarana bisikileta**

# BR-FAKTIORA FANAMBOARANA BISIKILETA

## N°:………………………ATL/TECREP(N°...)/04-15

KAOPERATIVA KAMPI BEMANONGA MANDROSO

NIF: STATISTIKA:

Anaran'ny tompony/Mpanjifa :
N° CIN:
Adiresy: Telefona:

Lokon'ny bisikileta :
Marika/N° série:
Tomponandraikitra :

Daty nandraisana ny bisikileta : Daty nameranana ny bisikileta amin'ny mpanjifa:

| Kojakoja/Piesy nampiasaina | Vidiny | Fikojakojana na fanamboarana atao | Sarany | Totaly |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| | | | | |
| TOTALY | | | | |

Vola voaray mialoha: ………………………………………………………………………………………………………....…......Ar

Ambiny aloa: ……………..……………………………………………………………………………………………………………….Ar

Totaly: ……………….……………………………………………………………………………………………………………………….Ar

Teknisianina: Daty :

Sonian'ny mpanjifa Sonian'ny teknisianina Sonian'ny mpitambola

***Fanamarihana:*** *Raha tsy alain'ny mpanjifa na ny tompony ny bisikileta ao anatin'ny roa andro aorian'ny fotoana nifanarahana amerenana ny bisikileta amin'ny mpanjifa na ny tompony, dia tsy azo tazomina ho tomponandraikitra ny Orinasa mivarotra bisikileta raha misy ny fahaverezan'ilay bisikileta.*

## Tovana IX: Master Bill of Lading na Non-Negotiable Waybill

**MAERSK LINE**

**NON-NEGOTIABLE WAYBILL**

SCAC MAEU

B/L No. 962737516

| | |
|---|---|
| Shipper<br>Seaschott<br>2609 Cabover Dr.,<br>Ste 9<br>Hanover, MD 21076<br>United States | Booking No.<br>962737516<br><br>Export references / Svc Contract<br>175685267 |
| Consignee<br>Mme RANJARISOA Lydie Fancle<br>Koperative Mandroso Antsohihy<br>Lot 487 AI Ambalabe Ouest Antsohihy<br>District Antsohihy, code postal : 407<br>Region Sofia MADAGASCAR Contact: +261338382172<br>ou +261340399334 Mail : kopmaantsohihy@gmail.com | This contract is subject to the terms, conditions and exceptions, including the law & jurisdiction clause and limitation of liability & declared value clauses, of the current Maersk Line Bill of Lading (available from the Carrier, its agents and at terms.maerskline.com/carriage), which are applicable with logical amendments (mutatis mutandis). To the extent necessary to enable the Consignee to sue and to be sued under this contract, the Shipper on entering into this contract does so on his own behalf and as agent for and on behalf of the Consignee and warrants that he has the authority to do so. The shipper shall be entitled to change the Consignee at any time before delivery of the goods provided he gives the Carrier reasonable notice in writing.<br>Delivery will be made to the Consignee or his authorised agent on production of reasonable proof of identity (and, in the case of an agent, reasonable proof of authority) without production of this waybill. The Carrier shall be under no liability whatsoever for misdelivery unless caused by the Carrier's negligence. |
| Notify Party (see clause 22)<br>Mme RANJARISOA Lydie Fancle<br>Koperative Mandroso Antsohihy<br>Lot 487 AI Ambalabe Ouest Antsohihy<br>District Antsohihy, code postal : 407<br>Region Sofia MADAGASCAR Contact: +261338382172<br>ou +261340399334 Mail : kopmaantsohihy@gmail.com | Onward inland routing (Not part of Carriage as defined in clause 1. For account and risk of Merchant) |
| Vessel: MAERSK SEVILLE — Voyage No.: 746W | Place of Receipt. Applicable only when document used as Multimodal Waybill |
| Port of Loading: Baltimore — Port of Discharge: Toamasina | Place of Delivery. Applicable only when document used as Multimodal Transport B/L (see clause 1) |

**PARTICULARS FURNISHED BY SHIPPER**

| Kind of Packages; Description of goods; Marks and Numbers; Container No./Seal No. | Weight | Measurement |
|---|---|---|
| SHIPPED ON BOARD MAERSK SEVILLE \ 746W ON 2017-11-20 AT Baltimore<br><br>1 Container Said to Contain 804 PIECES<br><br>229 SEMI-DISASSEMBLED ADULT BICYCLES, USED<br>266 SEMI-DISASSEMBLED CHILDREN'S BICYCLES, USED<br>100 INDIVIDUAL BICYCLE PIECES (TIRES), USED<br>2 INDIVIDUAL BICYCLE TRUING STAND, USED<br>100 INDIVIDUAL BICYCLE PIECES (TUBES), USED<br>12 INDIVIDUAL BICYCLE PIECES (BASKETS), USED<br>10 INDIVIDUAL BICYCLE PIECES (RACKS), USED<br>30 INDIVIDUAL BICYCLE PIECES (WHEELS), USED<br>3 INDIVIDUAL BICYCLE FLOOR PUMP, USED<br>20 INDIVIDUAL BICYCLE HELMETS, USED<br>23 BOXES OF BICYCLE PIECES, USED<br>9 BAGS OF BICYCLE PIECES, USED<br><br>AES ITN #:X20171114451738 | 16036.000 US LBS | |

CERTIFIED TRUE COPY

Above particulars as declared by Shipper, but without responsibility of or representation by Carrier.

| Freight & Charges | Rate | Unit | Currency | Prepaid | Collect |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |

| | | |
|---|---|---|
| Carrier's Receipt. Total number of containers or packages received by Carrier.<br>1 container | Place of Issue of Waybill<br>Charlotte | Shipped, as far as ascertained by reasonable means of checking, in apparent good order and condition unless otherwise stated herein the total number or quantity of Containers or other packages or units indicated in the box opposite entitled "Carrier's Receipt" |
| Shipped on Board Date (Local Time)<br>2017-11-20 | Date Issue of Waybill<br>2017-11-24 | |
| Declared Value Charges (see clause 7.3 of the Maersk Line Bill of Lading) for Declared Value of US$ | | |
| Forwarder | | |

Signed for the Carrier Maersk Line A/S

Maersk Agency U.S.A., Inc - Charlotte CRC

As Agent(s)

This transport document has one or more numbered pages

-

MRSU3306747 40 DRY 9'6 804 PIECES 16036.000 US LBS
Shipper Seal : 0200242
SHIPPER'S LOAD, STOW, WEIGHT AND COUNT
FREIGHT PREPAID
CY/CY

| Freight & Charges | Rate | Unit | Currency | Prepaid | Collect |
|---|---|---|---|---|---|

## Tovana X: Tapakila fivarotana/fandrotsaham-bola

X.1 Sokajy A

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 001 | SNTDCO4F56810 | 26 | A | 270000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 002 | WTU07500695K | 26 | A | 306000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 003 | AH18L051961 | 26 | A | 288000 | |

X.2 Sokajy B

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 001 | HAWLL02679 | 26 | B | 198000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 002 | 01PD370207 | 26 | B | 180000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 003 | F71110768 | 26 | B | 186000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 004 | RM30520830 | 26 | B | 186000 | |

X.3 Sokajy C

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 001 | HC1611840 | 26 | C | 132000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 002 | GM533990 | 26 | C | 138000 | |
| Daty nandefasana:<br>Fetra farany: | 003 | PZ455333 | 26 | C | 144000 | |

**Tovana XI: Maripamantarana Bisikileta Amidy**

## FISY BISIKILETA

N° : ………………/1-2019/KOMPIVA

SOKAJY :……………………………………………………………

MARIKA :……………………………………………………………

N°SERIE :……………………………………………………………

KARAZANY :………………………………………………………

HABEANY :…………………………………………………………

LOKO :………………………………………………………………

VIDINY:………………………………………………………………

Magasinier Teknisiana

### MOMBA NY TEKNIKA

FILAZALAZANA NY OLANA SY FANAMBOARANA

| KOJAKOJA | OLANA | FANAMBOARANA (Eny-Tsia) | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|
| Kodiarana | | | |
| | | | |
| | | | |
| Cadre | | | |
| | | | |
| | | | |
| Transmission | | | |
| | | | |
| | | | |
| Frein | | | |
| | | | |
| | | | |
| Vitesy | | | |
| | | | |
| | | | |

Sonia Magasinier Sonia Teknisiana Sonia Mpividy

**Tovana XII: Tatitra isam-bolana**

## TATITRA KOMPIVA

Volana : Taona:

MIDITRA SY MIVOAKA

| | ARIARY | |
|---|---|---|
| **MIDITRA** | **VOLANA TEO ALOHA** | **VOLANA ITSAHANA** |
| Varotra bisikileta | | |
| Fanamboarana bisikileta | | |
| Varotra piesy | | |
| Hafa (mila marihana) | | |
| **TOTALY** | | |
| **MIVOAKA** | **VOLANA TEO ALOHA** | **VOLANA ITSAHANA** |
| Tambinkarama sy karama | | |
| Fitiavana fitaovana sy kojakojan'ny birao | | |
| Kojakoja/Piesy | | |
| JIRAMA | | |
| Hofan-trano na tany | | |
| "Impression" sy "photocopie" | | |
| Hafa (mila marihana) | | |
| **TOTALY** | | |

| FANISANA FANANANA | FIANTOMBOHAN'NY VOLANA | FARAN'NY VOLANA |
|---|---|---|
| Bisikileta | | |
| Kojakoja/Piesy | | |

| VOLA MATY | FIANTOMBOHAN'NY VOLANA | FARAN'NY VOLANA |
|---|---|---|
| Tahiry | | |
| Banky/OTIV | | |

| | Ariary | |
|---|---|---|
| **DIVIDENDE** | **ANNEE ANTERIEURE** | **ANNEE ACTUELLE** |
| Membres de la coopérative | | |
| FHS | | |
| Transport d'urgence/AC | | |

Natao teto:

Ny Mpanaramaso ny Orinasa Ny Mpitahiry vola

## Tovana XIII: Fanamarinam-pahatongavana sy fandoavam-bolan'ny mpiasan'ny Orinasa mivarotra bisikileta

FISY FANARAHAMASO SY FANDOAVANA TAMBINKARAMA NY MPIASA KOMPIVA

Volana: AOGOSITRA 19
Sara isanandro: 11000Ar

| | | | | DATY | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | J | V | S | D | L | M | M | J | V | S | D | L | M | M | J | V | S | D | L | M | M | J | V | S | D | L | M | M | J | V | S | TOTAL | TAMBIN-KARAMA | Sonia ny niasa |
| Anaran'ny olona niasa | Andraikitra ao amin'ny KOMPIVA | Toerana niasana | Asa natao | 1 | 2 | 3 | 4 | 5 | 6 | 7 | 8 | 9 | 10 | 11 | 12 | 13 | 14 | 15 | 16 | 17 | 18 | 19 | 20 | 21 | 22 | 23 | 24 | 25 | 26 | 27 | 28 | 29 | 30 | 31 | | | |
| JAOFLY | TEKNISIANINA | MAGAZAY | Manamboatra bisikileta | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | | 1 | 1 | | | 1 | 1 | | | 1 | | | 1 | 1 | 1 | 1 | | | 11 | 121000 | |
| FANOVOE Rijah | Caissier | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | 1 | | | | | | | 1 | | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 14 | 154000 | |
| FELIX | Chef d'atelier | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 17 | 187000 | |
| FOSTINY | Magasinière | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 14 | 154000 | |
| Anjarasoa Laurence | Responsable vente | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | | | 1 | | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 13 | 143000 | |
| Mbotizara | Responsable vente | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 18 | 198000 | |
| Olivia | Caissière | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 18 | 198000 | |
| RASOANAMBININA Joséphine | Magasinière | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | | | | | | | | | | | 1 | 1 | | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 11 | 121000 | |
| Rolland | Teknisianina | MAGAZAY | Manamboatra bisikileta | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | 1 | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 12 | 132000 | |
| Maharavo | Teknisianina | MAGAZAY | Manamboatra bisikileta | | | | | | | | 1 | 1 | 1 | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | | 1 | 1 | 1 | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 16 | 176000 | |
| JAOVOAVY | Teknisianina | MAGAZAY | Manamboatra bisikileta | | | | | | | | | 1 | 1 | | | | | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 17 | 187000 | |
| SAMUELSON Petera | Magasinier | MAGAZAY | Fanomanana sy varotra | | | | | | | | | | | | | | | 1 | | 1 | | 1 | 1 | | | | | | | 1 | 1 | 1 | 1 | 1 | 9 | 99000 | |
| **TOTALY** | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | | 1870000 | |

Anarana sy sonia (Chef d'atelier)

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

N° 601

MINISTERE DE L'ÉCONOMIE,
DES FINANCES ET DU BUDGET

SECRETARIAT GENERAL

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS

# DÉCLARATION DE LA TAXE SUR LA VALEUR AJOUTÉE (TVA)

ANNÉE : 20__ __
☐ MOIS .......................
☐ TRIMESTRE .................. } (1)

Bureau de recette :

Numéro d'identification fiscale (NIF) : ..........................................................
Nom et prénoms ou raison sociale : ..........................................................
Nom commercial : ..........................................................N° Statistique : ..........
Activité principale :..........................................................
Adresse : ..........................................................

| OPERATIONS | | Chiffres d'affaires | | | Taux (d) | TVA Collectée (e) = (a) x (d) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | Taxable (a) | Non taxable | Total | | |
| 1. | A l'exportation | | | | 0 % | |
| 2. | Locales à des personnes : | | | | | |
| | - assujetties | | | | | |
| | - non assujetties | | | | | |
| 3. | Autres régularisations | | | | | |
| 4. | TOTAL | | | | | |

| DÉDUCTIONS | | Locaux (f) | Importations (g) | TOTAL (h) = (f) +(g) |
|---|---|---|---|---|
| 5. | Taxe déductible :<br>5.1. sur biens d'équipements et immobilisations | | | |
| | 5.2. sur marchandises | | | |
| | 5.3. sur matières premières | | | |
| | 5.4. sur services et/ou biens matières consommables | | | |
| 6. | Autres régularisations | | | |
| 7. | Total de la colonne (h) | | | |
| 8. | Prorata de déduction .......... % TVA déductible de la période : (7) x taux prorata | | | |
| 9. | Report de crédit de la période précédente | | | |
| 10. | TOTAL TVA DÉDUCTIBLE : (8) +(9) | | | |

| | | |
|---|---|---|
| 11. | Total TVA à verser : [Total colonne (e)] –(10) | |
| 12. | Total de crédit de TVA : (10) -[Total colonne (e)] | |
| 13. | Remboursement de crédit de TVA demandé : | |
| 14. | Crédit de TVA reportable : (12) –(13) | |

Déclaré conforme à nos écritures,

*A............................., le.....................................*
*Cachet et signature*

CADRE RESERVÉ A L'ADMINISTRATION

| Net à payer | Pénalité | Total à payer | Total versé | Reste à recouvrer | N° récépissé |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |

**Mode de paiement :** ☐ Espèce
☐ Chèque N°.................................. Banque ..........................
☐ Autres à préciser :

(1) Rayer la mention inutile

Ity torolalana ity no tontosa dia noho ny falalahan-tananan'ny vahoaka Amerikana amin'ny alalan'ny «Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana » (USAID). JSI Research & Training Institute, Inc. dia tompon'andraikitra feno amin'ny votoatin'ity torolalana ity izay tsy voatery haneho ny hevitry ny USAID na ny Governemantan'ny Etazonia.